# FEDERASIONAN'NY FARITRA MIZAKATENA REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA

**FIHAVANANA - FAMPANDROSOANA - TANINDRAZANA**

État Régional

Madagascar

# " RAFITRA REZIONALY"

**" SAMY MAMPIASA NY VOLANY NY FARITRA"**

www.etat-regional.com

**AOGOSITRA 2026**

# LALAMPANORENANA REPOBLIKA FAHA DIMY

## ( Federasionan'ny Faritra Mizakatena Repoblikan'i Madagasikara)

## SAVARANONANDO


- **LOHATENY VOALOHANY** : NY AMIN'NY FENI-KEVITRA FOTOTRA ( P6 )

- **LOHATENY II** : NY AMIN'NY FAHALALAHANA SY NY AMIN'NY ZO AMAN'ANDRAIKITRY NY OLOM-PIRENENA ( P8)

  ***ZANA-DOHATENY VOALOHANY :*** NY AMIN'NY ZO AMAN'ANDRAIKITRY NY ISAM-BATAN'OLONA SY NY ZO POLITIKA

  ***ZANA-DOHATENY II :*** NY AMIN'NY ZO SY ADIDY MOMBA NY TOEKARENA SY SOSIALY ARY KOLTORALY

- **LOHATENY III** : FANDAMINANANA AMINNY RAFITRA REZIONALY. ( 15 )

  Toko 1 : FAHEFAN'NY FANJAKANA FOIBE.

  Toko 2 : NY FAHEFAN'NY MPITONDRA AMIN'NY FARITRA

  Toko 3 : SAMPANA FANARAHA-MASO NY FANOVANA RAFITRA.

- **LOHATENY IV** : NY AMIN'NY ANDRIMPANJAKAN'NY REPOBLIKA ( 17)

  ***Zana-dohateny voalohany :*** NY AMIN'NY MPANATANTERAKA ( 19 )

  *Toko 1:* Ny amin'ny Filohan'ny Repoblika
  *Toko 2 :* Ny amin'ny Governemanta

  ***Zana-dohateny II :*** NY AMIN'NY MPANAO LALANA ( 30 )

  *Toko 1 :* Ny amin'ny Antenimierampirenena
  *Toko 2 :* Ny amin'ny Antenimierandoholona
  *Toko 3 :* Ny amin'ny fifandraisan'ny Governemanta sy ny Antenimiera

  ***Zana-dohateny III :*** NY AMIN'NY FILANKEVITRA ARA-TOEKARENA ARA-TSOSIALY ARY ARA-KOLTORALY ( 44 )

  ***Zana-dohateny IV :*** NY AMIN'NY FITSARANA ( 45 )

  *Toko 1 :* Ny amin'ny Feni-kevitra Fototra

  *Toko 2 :* Ny amin'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana
  *Toko 3 :* Ny amin'ny Fitsarana Tampony
  Toko 4 : Ny amin'ny fitsarana avo

- **LOHATENY V :** NY AMIN'NY FIFANEKENA SY FIFANARAHANA IRAISAM-PIRENENA ( 55 )
- **LOHATENY VI :** NY AMIN'NY FANDAMINANA NY FIADIDIANA NY LAFIN-TANY ( 56 )

***Zana-dohateny I*** *:* NY AMIN'NY FEPETRA ANKAPOBE ( 57 )

***Zana-dohateny II :*** NY FARITRA ( 61 )

***Zana-dohateny III*** *: NY* SOLOMBAVAMBAHOAKAM-PARITRA ( 67 )

***Zana-doahateny IV*** NY KAOMININA ( 72 )
***Zana-dohateny V :*** NY BEN'NY TANANA ( 73)
**Zana-dohateny VI** : ***Toko 1*** NY FOKONTANY ( 74)
**Toko 2** : NY FILOHAM-POKOTANY

- ***LOHATENY VII :*** FAHEFANA MPANAO LALANA : FIFANDRAISAN'NY GOVERNEMANTA SY NY ANTENIMIERAM-PARITRA ( 75 )
- **LOHATENY VIII :** NY FIFANDRAISANA EO AMIN'NY FANJAKANA FOIBE SY NY FARITRA ( 78 )
  **Toko 1 :** Fiaraha miasa sy Fanelanelanana.
  **Toko 2 :** Fanaraha-maso sy Fanajana ny lalàna
- **LOHATENY IX** : RAFITRA MIFEHY NY FANANAN-TANY ( 80 )
- **LOHATENY X** : FIZARANA NY HARENA SY LOHARANON-KARENA

LOHATENY XI : FILANKEVITRY NY OLOBE

- **LOHATENY XII:** IREO ANTOKO POLITIKA SY NY MPANOHITRA. ( 83 )

  - ZO MITENY AMIN'NY HAINO AMANJERIM-PANJAKANA, ZO MAMALY FANAKIANANA, SY ZO MANOME FANAZAVANA AMIN'NY FANAKIANANA ARA-POLITIKA.
  - *FANDRARANA*
  - *FANAFOANANA ANTOKO POLITIKA.*
  - TOMBONTSOA.
  - LALÀNAN'NY FANOHERANA.
  - *NY FIAROVAM-PIRENENA ANATINY*

- **LOHATENY XIII :** NY AMIN'NYFIAROVAM-PIRENENA ANATINY. ( 85 )
  Toko 1 : NY FOLOALINDAHY .
  *Toko 2 : ANDRAIKITRY NY FOLOALINDAHY.*
  *Toko 3 : FILANKEVITRA AMBONY MOMBA NY FIAROVAM-PIRENENA.*

- **LOHATENY XIV :** NY FANITSIANA NY LALAM-PANORENANA. ( 89 )
- **LOHATENY XV** : FEPETRA TETEZAMITA SY SAMIHAFA ( 90 )

**"Tondro tokana tsy mahazo hao, Hazo tokana tsy mba ala.**
**Andao hiaraka hametraka Etat Régional eto Madagasikara. »**
LALAMPANORENANA REPOBLIKA FAHA DIMY

## SAVARANONANDO

Ny Vahoaka malagasy masi-mandidy,

Mametraka ny finoany amin'ny ZANAHARY,
Hentitra amin'ny fanapahan-keviny hampandroso sy hampiroborobo ny fiarahamonina mivelona ao anatin'ny firindrana sy fanajana ny hafa, ny harena mbamin'ny havitrihana ifotoran'ireo soatoavina ara-kolotsaina sy ara-panahy miainga avy amin'ny "fanahy maha-olona".

Resy lahatra ny amin'ny hametrahana ny fiaraha-monina malagasy ny maha-izy azy sy ny maha-malagasy, ary hidirana amin'ny rafi-baovaon'izao taona arivo izao hitehirizana ny soatoavina sy foto-kevitra nentim-paharazana mifototra amin'ny fanahy malagasy ahitana "ny fitiavana, ny fihavanana, ny fifanajàna, ny fitandroana ny aina", ary manome hasina ny fiainam-piaraha-monina, tsy misy fanavakavahana ara-paritra, ara-pihaviana, ara-poko, ara-pinoana, ara-pirehan-kevitra politika, ary tsy anavahana ny lahy sy ny vavy.

Mahatsapa fa tena zava-dehibe ny fametrahana ny fomba izorana amin'ny fampihavanam-pirenena,

Resy lahatra fa ny Fokonolona, nalamina ho Fokontany, no sehatra iainana, ivelarana, ifanakalozana sy ifampierana amin'ny fandraisan'anjara mavitriky ny olompirenena,

Mahatsapa ny maha zava-dehibe tsy manam-paharoa ireo loharanon-karena avy amin'ny zava-boahary manan'aina sy ireo harena an-kibon'ny tany samihafa ananan'i Madagasikara ka ilaina arovana ho an'ny taranaka ho avy,

Mahatsapa fa tsy misy ny fitsinjaram-pahefana ara-bola sy ara-pitantanana eto amin'ny Firenena noho ny fitiavan-tenan'ireo mpitondra nifanesy.

-Voahosihosy ny zon'ireo malagasy izay mipetraka amin'ny faritra noho ny fampivangongoana ny fahefana rehetra amin'ny fanjakana foibe izay ahiana hitarika fialonana sy fahasimban'ny fifankatiavana amin'ny samy malagasy.

-Ny tsy fanajana ny Lalàmpanorenana na ny fanitsiana azy mba hanamafisana ny fahefan'ny mpitondra nefa tsy mitondra voka-tsoa ho an'ny vahoaka no antony mahatonga ny krizy miverimberina,

Noho ny toerana misy ara-politika an'i Madagasikara sy ny fandraisany anjara an-tsitrapo eo amin'ny fifarimbonan'ny firenen-tsamihafa, ka andraisany ho toy ny nataony, indrindra :

- ny Sata iraisam-pirenena momba ny zon'olombelona ;
- ny Fifanarahana mikasika ny zon'ny ankizy, ny zon'ny vehivavy, ny fiarovana ny tontolo iainana, ny zo ara-tsosialy, ara-toekarena, ara-politika, isam-batan'olona ary ara-kolotsaina ;

Mihevitra fa ny fivelaran'ny maha-izy azy sy ny fiavahan'ny Malagasy rehetra no fanoitra ilaina ho an'ny fampandrosoana maharitra sy mirindra, ka ny fepetra arahina indrindra dia :

- ny fitandroana ny fandriampahalemana, ny firaisankina ary ny adidy amin'ny fitandroana ny firaisam-pirenena eo amin'ny asa fametrahana politika fampandrosoana mifandanja sy mirindra ary ny herijika isambatan'olona;
- ny fanajana sy ny fiarovana ny fahalalahana sy zo fototra ;
- ny fananganana Fanjakana tan-dalàna izay hahatonga ny mpitondra sy ny entina samy ho voafehin'ny fitsipidalàna mitovy, eo ambany fanaraha-mason'ny Fitsaràna mahaleo tena ;
- ny famongorana ny endri-piangarana rehetra sy ny tsy fahamarinana, ny kolikoly, ny tsy fitoviana sy ny fanavakavahana amin'ny endriny rehetra ;
- ny fitantanana araka ny tokony ho izy sy ara-drariny ny harena voajanahary ilaina amin'ny fampandrosoana ny olombelona ;
- ny fitantanana tsara eo amin'ny fitondrana ny raharaham-panjakana, amin'ny fomba mangarahara manoloana ny fitantanana sy ny fampandraisan'andraikitra ny mpitantana ny fahefam-panjakana ;
- ny fisarahana sy fifandanjan'ny fahefana ampiharina araka ny fomba demokratika ;
- ny fametrahana ny fitsinjaram-pahefana tena izy, amin'ny alàlan'ny fanomezana fizakan-tena malalaka ny Vondrombahoaka Itsinjaram-pahefana na eo amin'ny sehatra iandraiketany na eo amin'ny lafiny ara-bola ;
-ny fitandroana ny fiarovana ny ain'ny olona.

***Dia manambara :***

## LOHATENY VOALOHANY
## NY AMIN'NY FENI-KEVITRA
## FOTOTRA

### Andininy voalohany.

**-** Firenena iray ny Vahoaka Malagasy ka mivondrona ho Federasiona Faritra Mizakatena masi-mandidy, Repoblikana ary tsy mampifangaro ny fitondram-panjakana sy ny finoana.

“Federasiona Faritra Mizakatena Repoblikan’i Madagasikara” no anarana entin’io Fanjakana io.

Ny demokrasia sy ny feni-kevitra momba ny Fanjakana tan-dalàna no fototra iorenan’ny Repoblika. Eo amin’ny faritry ny taniny no maha masi-mandidy azy.

Tsy misy mihitsy mahazo manohintohina ny maha iray tsy anombinana ny tanin’ny Repoblika.
Tsy azo amidy na atakalo na atao zara-manta ny tanim-pirenena.

Ny fomba sy fepetra fampanofàna tany ho an’ny vahiny dia voafaritry ny lalàna.

**Andininy 2.**
**-** Ny Fanjakana dia manamafy ny tsy fombàny ny atsy na ny aroa eo anatrehan’ny finoana samihafa.

Ny tsy fampifangaroana ny fitondràm-panjakana sy ny finoana eto amin’ny Repoblika dia miankina amin’ny foto-kevitra mikasika ny fisarahan’ny raharaham-panjakana sy ny fikambanam-pivavahana ary ny solontenany.

Ny Fanjakana sy ny fikambanam-pivavahana dia tena tsy mahazo mifampitsabatsabaka eo amin’ny sehatrasan’izy ireo tsirairay avy.

Tsy misy mihitsy Lehiben’Andrim-panjakana na mambra ao amin’ny Governemanta afaka miditra any amin’ny ambaratongam-pitarihana ny fikambanam-pivavahana iray ; raha
tsy izany dia azon’ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana atao ny manongana azy na heverina ho toy ny mametra-pialàna avy hatrany amin’ny asany na ny raharahany izy.

**Andininy 3.**
**-** Ny Federasionan’ny Faritra Mizakatena Repoblikan’I Madagasikara dia Firenena miankina amin’ny vondrombahoakam-paritra Itsinjaram-pahefana izay ahitana:Fokontany , Kaominina ary Faritra ka ny fari-pahefana sy ny foto-kevitra momba ny fizakan-tena ara-pitondran-draharaha sy ara-pitantanam-bola dia iantohan’ny Lalàmpanorenana sy faritan’ny Lalàna.

**Adnininy 4.**
“Tanindrazana-Fahafahana-Fandrosoana” no filamatry ny Repoblikan’I Madagasikara.

Ny fanevany dia saina telo soratra, fotsy, mena, maitso, vita amin'ny tsivalana telo mahitsizoro mitovy refy, ka ny voalohany fotsy ary mitsangana manaraka ny tahon-tsaina, ny roa hafa mandry ka ny mena ambony ary ny maitso ambany.

Ny teny Malagasy no tenim-pirenena.

Ireto avy kosa ireo tenim-pirenena ampiasaina andavanandro, na ampiasaina any ampianarana : malagasy sy frantsay ary anglisy.
Ny tenim-paritra dia ekena ary azo ampiasaina any antsekoly.

"Ry Tanindrazanay malala ô" no hiram-pirenena.

Antananarivo no Renivohitry ny Federasiona Faritra Mizakatenan'I Repoblikan'i Madagasikara.
Ny lalàna no mametra ny fitombo-kasem-panjakana sy ny mari-piandrianan'ny Firenena.

**Andininy 5.**
**-** Ny vahoaka izay ipoiran'ny fahefana rehetra no masi-mandidy ka mampiasa izany amin'ny alàlan'ny solontenany lany amin'ny alàlan'ny fifidianana andraisan'ny rehetra anjara mivantana na tsy mivantana, na koa amin'ny alalan'ny fitsapan-kevi- bahoaka.
Tsy misy mihitsy ampahany amin'ny vahoaka, na olon-tokana mahazo manendry tena hampiasa izany fahefana feno izany.

Ny fandaminana sy ny fitantanana ny raharaha rehetra momba ny fifidianana dia ankinina amin'ny minisiteran'ny Atitany.

Ny lalàna no mandamina ny fombafomba fampandehanana io rafitra io.

Mpifidy avokoa, araka ny fepetra faritan'ny lalàna, ny olom-pirenena lahy sy vavy rehetra mizaka ny zon'ny isam-batan'olona sy ny zo politika. Didim-pitsarana raikitra no hany mahavery ny zo maha-mpifidy.

**Andininy 6.**
**-** Ny lalàna dia maneho ny safidim-bahoaka. Mitovy ny olona rehetra eo anatrehan'ny lalàna, na izy natao hiarovana, na izy natao handidy, na izy natao hamaizana.

Mitovy zo ny olona rehetra eo anatrehan'ny lalàna, samy manana fahalalahana fototra arovan'ny lalàna ary tsy misy fanavakavahana na amin'ny maha-lahy na amin'ny maha-vavy, na amin'ny fari-pahalalàna, na amin'ny fari-piainana, na amin'ny fiaviana, na amin'ny finoana, na amin'ny tsy fitovian-kevitra.

Ny lalàna no manome tombony ny fitoviana amin'ny fidirana sy ny fandraisan'anjaran'ny vehivavy sy ny lehilahy amin'ny fisahanan'asam-panjakana sy amin'ny asa eo amin'ny sehatry ny fiainana ara-politika, ara-toekarena sy ara-tsosialy.

## LOHATENY II
## NY AMIN'NY FAHALALAHANA SY NY AMIN'NY ZO AMAN'ANDRAIKITRY NY OLOM-PIRENENA

### *Zana-dohateny voalohany*
### NY AMIN'NY ZO AMAN'ANDRAIKITRY NY ISAM-BATAN'OLONA SY NY ZO POLITIKA

**Andininy 7.**
Ny zon'ny isam-batan'olona sy ny fahalalahana fototra dia iantohan'ny Lalàmpanorenana ary ny lalàna no mandamina ny fampiasana azy.

**Andininy 8.**
Arovan'ny Lalàna ny zon'ny olona rehetra hiaina. Tsy azo atao ny manala ain'olona amin'ny fomba tsy rariny. Tsy azo heverina ho fandikana ity andininy ity ny famonoana raha toa ka tsy maintsy ilaina ny fampiasan-kery mba hiantohana ny fiarovana ny olona rehetra amin'ny herisetra tsy ara-dalàna.

Tsy misy olona azo ampahoriana, saziana na ampijaliana amin'ny fomba tafahoatra sy feno habibiana tsy mendrika ny maha-olombelona.

Voarara ny manery olona iray hanaovana andrana ara-pitsaboana na ara-tsiansa raha tsy nahazoana ny fanekeny malalaka.

**Andininy 9.**
**-** Ny olona rehetra dia manan-jo amin'ny fahalalahana ary tsy azo samborina na tànana am-ponja tsy amin'antony.

Tsy misy olona azo enjehina na samborina na tànana am-ponja raha tsy noho ny anton-javatra voafaritry ny lalàna ary araka ny fomba voadidiny.

Izay niharan'ny fisamborana na fitànana am-ponja tsy ara-dalàna dia manan-jo hahazo onitra.

**Andininy 10.**
**-** Ny fahalalahana maneho hevitra sy miteny, ny fahalalahana eo amin'ny fifandraisana, ny fahalalahana manao gazety, ny fahalalahana hiditra aminà fikambanana na hanorina fikambanana, ny fahalalahana hivory malalaka, ny fahalalahana mivezivezy, ny fahalalahana amin'ny fieritreretana sy amin'ny finoana dia samy iantohana ho an'ny rehetra ary tsy azo ferana raha tsy hoe fanajana ny fahalalahana sy ny zon'ny hafa sy noho ny fahaterena hiaro ny filaminam-bahoaka, ny fahamendrehan'ny firenena ary ny filaminan'ny Fanjakana.

**Andininy 11.**
**-** Manan-jo hahalala vaovao ny tsirairay.
Tsy misy faneriterana mialoha azo ampiharina amin'ny fampahalalam-baovao amin'ny endriny rehetra ankoatr'ireo izay mamoafady na mety hanohintohina ny filaminam-bahoaka.

Zo ny fahalalahana amin'ny fampahalalam-baovao, na toa inona na toa inona no hanohanana izany. Ny fampiasana io zo io dia adidy sy andraikitra saingy voafehin'ny fombafomba, fepetra, na sazy voalazan'ny lalàna, izay fepetra ilaina ao anatin'ny fiarahamonina demokratika.

Voarara amin'ny endriny rehetra ny sivana hafa tsy ny fandaharana mamoa fady tsy mifanaraka amin'ny soatoavina Malagasy.
Ny fisahanana ny asa aman-draharahan'ny mpanao gazety dia voalamina araka ny lalàna.

**Andininy 12.**
**-** Ny olom-pirenena malagasy rehetra dia manana zo handao sy hiverina eto amin'ny tanim-pirenena araka ny fepetra voatondron'ny lalàna.
Zon'ny tsirairay ny mivezivezy sy manorim-ponenana an-kalalahana manerana ny tanin'ny Repoblika, rehefa voahaja ny zon'ny hafa sy ny fepetra faritan'ny lalàna.

**Andininy 13.**

**-** Ny olona tsirairay dia iantohana amin'ny tsy fahazoana manao an-keriny na herisetra amin'ny tenany, amin'ny fonenany sy amin'ny tsiambaratelon'ny fifandraisany.

Tsy misy fisavàn-trano na toerana azo atao raha tsy alàlana omen'ny lalàna ary araka ny baiko an-tsoratra nomen'ny fahefana mpitsara afaka manao izany, afa-tsy amin'ireo izay
tratra ambodiomby.

Tsy misy olona azo sazina raha tsy araka ny lalàna navoaka hanan-kery alohan'ny nanaovana ilay fihetsika mahavoasazy.
Tsy misy olona azo sazina indroa noho ny toe-javatra iray efa nanamelohana azy.
Ny lalàna dia miantoka ny zo hitady ny rariny sy ny hitsiny ho an'ny olona rehetra ary tsy vato misakana izany velively ny tsy fahampian'ny fidiram-bola aminy.

Iantohan'ny Fanjakana ny zom-piarovan-tena feno sy tsy azo hozongozonina eo anatrehan'ny antokom-pitsaràna rehetra, amin'ny dingana rehetra eo amin'ny fizotry ny ady, manomboka hatrany amin'ny famotorana mialoha eo amin'ny ambaratongan'ny mpanao famotorana na ny fampanoavana.

Voarara ny fanerena ara-tsaina rehetra na fampijaliana ara-batana mba hisamborana olona iray na hitànana azy am-ponja.
Heverina ho tsy manan-tsiny ny voampanga sy voarohirohy rehetra mandra-pisian'ny didim-pitsarana raikitra manameloka azy.

Toe-javatra manokana ny fitànana am-ponja vonjimaika.

**Andininy 14.**
**-** Zon'ny olona rehetra ny mivondrona an-kalalahana ao anaty fikambanana, nefa tsy maintsy manaraka ny voalazan'ny lalàna.
Toy izany koa ny momba ny zo hanangana antoko politika. Ny lalàna momba ny antoko politika no mametra ny fomba entina manangana sy mamatsy vola azy ireo.

Rarana ny fikambanana sy ny antoko politika izay manohintohina ny maha iray tsy mivaky ny Firenena sy ny foto-kevitra repoblikana, sy izay manindrahindra fanjakazakàna na fanavakavahana ara-pirazanana, ara-poko na ara-pinoana.

Mandray anjara amin'ny fanehoana safidy amin'ny alalan'ny fifidianana ny antoko sy fikambanana politika.

Ny Lalàmpanorenana no miantoka ny zo hijoro ho mpanohitra amin'ny fomba demokratika.
Aorian'ny fifidianana solombavambahoaka, ny vondrona politika mpanohitra dia manendry ny lehiben'ny mpanohitra. Raha tsy misy ny fifanarahana dia ny lehiben'ny vondrona politika mpanohitra izay nahazo vato manan-kery be indrindra tamin'ny latsa-bato no heverina ho lehiben'ny mpanohitra.

Ny sata mifehy ny mpanohitra sy ny antoko mpanohitra, eken'ity Lalàmpanorenana ity izay manome azy indrindra ny sehatra ahafahana maneho hevitra, dia faritana amin'ny alàlan'ny lalàna.

**Andininy 15.**
Manan-jo hilatsaka hofidina amin'ny fifidianana rehetra voalazan'ny Lalàmpanorenana ny olom-pirenena tsirairay rehefa voahaja ny fepetra takian'ny lalàna.

**Andininy 16.**
Manana adidy miaro ny fananana iombonana ny olona tsirairay.

Voaheloky ny lalàna ny fanodinkodinana ny fananam-pirenena, ka mahavoasazy na mahafaka ny zo ara-tsosialy, na zo politika sady azo alaina koa ny fananana rehetra an'ireo olona izay voaheloka sy ireo mpiray tsikombakomba aminy.

**Andininy 17.**
Adidin'ny tsirairay ny manaja ny Lalàmpanorenana sy ireo Andrimpanjakana, ary ireo didy aman-dalàn'ny Repoblika eo am-pizakàna ny zo sy ny fahalalahana eken'ity Lalàmpanorenana ity.

### *Zana-dohateny II*
### NY AMIN'NY ZO SY ADIDY MOMBA NY TOEKARENA SY SOSIALY ARY KOLTORALY

**Andininy 18.**
**-** Arovana sy iantohan'ny Fanjakana ny fampiasana ny zo izay miantoka ny maha-izy azy ny tsirairay, ny fahamendrehana, ny fivelarana feno ara-batana sy ara-tsaina ary ara-pitondran-tena.

**Andininy 19.**
**-** Voninahitra sy adidy ny fanompoam-pirenena. Ny fanatontosana izany dia tsy manembatsembana ny toerana misy ny olom-pirenena eo amin'ny asany na ny fampiasana ny zo politika ananany.
**Andininy 20.**
**-** Mankato sy mandamina ny zon'ny tsirairay amin'ny fiarovana ny fahasalamana dieny hatrany am-bohoka ny Fanjakana amin'ny alàlan'ny fandaminana ny fitsaboana ara-panjakana maimaimpoana, ka ny maha maimaimpoana izany dia avy amin'ny fahafaha-manao ny firaisankinam-pirenena.

**Andininy 21.**
**-** Arovan'ny Fanjakana ny ankohonana izay singa voajanahary sy andrin'ny fiaraha-monina. Manana zo hanorina fianakaviana ary hamela ireo fananany manokana holovain'ny taranaka ny olona tsirairay avy.

**Andininy 22.**
**-** Ny Fanjakana no miantoka amin'ny alàlan'ny famoahan-dalàna sy ny fananganana rafitra mpiahy mifanentana amin'ny fiarovana ny fianakaviana mba hahazoany mivoatra tsara ka ao anatin'izany indrindra ny fiahiana ny reny sy ny zaza.

**Andininy 23.**
**-** Raisin'ny Faritra ho adidy ny fandraisana ny fepetra ilaina amin'ny fampandrosoana ara-tsaina ny isam-batan'olona ka tsy misy fameperana afa-tsy ny fahaizan'ny tsirairay.

**Andininy 24.**
**-** Manan-jo hianatra sy handray fanabeazana ny ankizy tsirairay avy ka tompon'andraikitra amin'izany ny ray aman-dreny ka hajaina ny fahalalahana hisafidy karazam-panabeazana sahaza ny zanany.

Ny Faritra dia mandray ho adidy ny fampivoarana ny fanofanana arak'asa.

**Andininy 25.**
**-** Mandamina ny fanabeazam-bahoaka maimaimpoana sy takatry ny rehetra ny Faritra. Ny fampianarana ambaratonga voalohany dia tsy maintsy ataon'ny olona rehetra.

**Andininy 26.**

**-** Eken'ny Fanjakana ny fisian'ny fampianarana tsy miankina aminy ary iantohany ny fahalalahana hanome izany fampianarana izany raha toa ka mifandanja amin'ny fepetra mikasika ny fampianarana momba ny fitandremam-pahasalamana sy ny fitondran-tena ary ny lentan'ny fianarana faritan'ny lalàna.
Ireny toeram-pampianarana tsy miankina ireny dia fehezin'ny lalàna momba ny hetra araka ny fepetra faritan'ny lalàna.

**Andininy 27.**
**-** Manan-jo handray anjara amin'ny fiainana ara-kolotsain'ny fiarahamonina, amin'ny fandrosoana ara-tsiansa ary hioty ireo vokatsoa aterak'izany ny isambatan'olona.

Ny Faritra, miaraka amin'ny Vondrombahoakam-paritra Itsinjaram-pahefana no miantoka ny fampivoarana sy ny fiarovana ny vakoka ara-kolotsaim-pirenena sy ny famokarana ara-tsiansa, ara-haisoratra ary ara-javakanto.

Ny Faritra, miaraka amin'ny Vondrombahoaka Itsinjaram-pahefana no miantoka ny zom-pitompoana ara-tsaina.

**Andininy 28.**
**-** Zo sy adidy ho an'ny olom-pirenena tsirairay ny asa sy ny fiofanana arak'asa.

Ny fidirana amin'ny  asam-panjakana dia misokatra ho an'ny olom-pirenena rehetra tsy misy fepetra ankoatry ny fahafaha-manao sy ny fahaizana.

Na izany aza anefa, azo atao ny mametra isaky ny fari-piadidiana, ny isan'ny olona raisina ho ao amin'ny asam-panjakana ka ho faritan'ny lalàna ny fe-potoana faharetan'izany sy ny fomba fampiharana azy.

**Andininy 29.**
**-** Tsy misy natao ho matiantoka amin'ny asa aman-draharahany noho ny maha-lahy na maha-vavy azy, ny taona, ny finoana, ny firehan-kevitra, ny fiaviana, noho ny maha-mpikambana ao anaty rafitra sendikaly na koa ny faharesen-dahatra ara-politika.

**Andininy 30.**
**-** Ny olom-pirenena tsirairay dia manan-jo handray valin-kasasarana mifandanja amin'ny asa ataony izay ahafahany miantoka ho azy sy ny ankohonany, fiainana araka  ny fahamendrehan'ny maha-olona.

**Andininy 31.**
**-** Miezaka ny Fanjakana hiahy ny filan'ny olom-pirenena rehetra izay mety ho tsy afaka miasa noho ny taonany, na noho ny kilemany ara-batana na ara-tsaina, ka izany dia amin'ny alàlan'ny firotsahan'ny Andrimpanjakana na sampan-draharaha miendrika sosialy amperin'asa.

**Andininy 32.**
Eken'ny Fanjakana ny zon'ny mpiasa tsirairay hiaro ny tombontsoany amin'ny alàlan'ny hetsika sendikaly ary indrindra amin'ny alàlan'ny fahalalahana manangana sendika. Malalaka ny fidirana amina sendika.

**Andininy 33.**
**-** Zon'ny mpiasa tsirairay, indrindra amin'ny alàlan'ny solontenany, ny mandray anjara amin'ny famaritana ireo fitsipika sy fepetra momba ny asa.

**Andininy 34.**
**-** Ekena ny zo hanao fitokonana nefa izany dia tsy tokony hanohintohina ny fampandehanana ny asam-bahoaka na ny tombontsoa fototry ny Firenena.

Ny fepetra hafa fampiasana io zo io dia feran'ny lalàna.

**Andininy 35.**
**-** Iantohan'ny Fanjakana ny fananan'ny tsirairay zo hanana fananana manokana. Tsy misy fananan'olona azo ongotana aminy raha tsy noho ny tombontsoam-bahoaka kanefa izany dia tsy maintsy handoavana onitra ara-drariny mialoha.
Ny Fanjakana no miantoka ny fanamoràna amin'ny fahazoana ny fizakan-tany amin'ny alàlan'ny famoronana lalàna sy rafitra hisian'ny mangarahara amin'ny fahazoam-baovao momba ny tany.

**Andininy 36**
**-** Amorain'ny Fanjakana ny fahazoan'ny olom-pirenena trano fonenana amin'ny alàlan'ny fomba famatsiam-bola sahaza.

**Andininy 37.**
**-** Tsy maintsy mandroso miandalana sy tombanana arakaraka ny fahafahany mandoa hetra ny fandraisan'ny olom-pirenena tsirairay anjara amin'ny fandaniam-bolam-panjakana.

**Andininy 38.**
**-** Ny Fanjakana no miantoka ny fahalalahan'ny fandraharahana ao anatin'ny faritry ny fanajana ny tombontsoa iombonana, ny filaminam-bahoaka, ny fitondran-tena mendrika ary ny tontolo iainana.

**Andininy 39.**
**-** Ny Fanjakana no miantoka ny fiarovana ny renivola sy ny fampiasambola hamokarana.
-Tsy maintsy arovan'ny Fanjakana ny vola Malagasy.

**Andininy 40.**
**-** Ny Fanjakana no miantoka ny tsy fiandaniana ara-politika amin'ny Fitondran-draharaham-panjakana, ny Foloalindahy, ny Fitsaràna, ny Mpitandro ny filaminana, ny Fampianarana ary ny Fanabeazana.
Izy no mandamina ny Fitondran-draharaham-panjakana mba hisorohana, amin'ireo asa rehetra, ny fandanindaniam-poana sy ny fanodikondinana ny volam-panjakana ho an'ny tombontsoa manokana na politika.

## LOHATENY III

## FANDAMINANANA AMINNY RAFITRA REZIONALY.

**Andininy 41.**
Mivondrona ho Rafitra mizaka tena ny Repoblika rezionalin'i Madagasikara.

Ny faritra tsirairay dia nomen'ny lalàna andraikitra ary manana fahefana manokana izay voasoratra ao anaty lalàmpanorenana.

**Andininy 42.**
*Ireto avy ny faritra misy eto Madagasikara :*

*Diana – Sava - Itasy – Analamanga -, Vakinankaratra -Bongolava-Sofia-Boeny-Betsiboka-Melaky-AlaotraMangoro- Atsinanana- Analanjirofo-Amoron'i Mania -Haute Matsiatra-Vatovavy-Fitovinany- Atsimo Atsinanana –Ihorombe -Menabe- Atsimo Andrefana –Androy - Anôsy.*

*Ambatosoa.*

## Toko 1
## Fahefan'ny Fanjakana Foibe.

**Andininy 43**

Ny filohan'ny Repoblika no filoha faratampon'i Madagasikara sady filohan'ny Fanjakana foibe.

Ny filohan'ny Repoblika no miantoka ny firaisankinam-pirenena, ny fiandrianam-pirenena , ny fiarovana ny tanindrazana ary ny fanajàna ny lalàmpanorenana.

Ny fanjakana foibe no tompon'andraikitra amin'ireto sehatra manaraka ireto mba hisian'ny fiandrianam-pirenena :

- Fiarovam-pirenena sy fiarovana ny sisintany.
- Fifandraisana any ivelany.
- Fandaminanana ny atitany.
- Ny fitsaràna sy ny polisy.
- Ny fitantanana ny vola

.

**Andininy 44.**
Tompon'andraikitra amin'ny fandaminana ny faritra ny fanjakana foibe rehefa misy tsy fitovian-kevitra na disadisa eo amin'izy ireo, na misy tsy fanajàna ny lalàna iombonana.

**Andininy 45.**
Ny fanjakana foibe dia manokana tahirim-bola ho an'ireo faritra izay marefo mba tsy hisian'ny tsy fitoviana fivoarana amin'ny faritra rehetra, na amatsiam-bola vina fampandrosoana ho tombotsoan'ny maro.

**Andininy 46**

Ny solombavambahoaka amin'ny antenimierampirenena no mamoaka lalàna ho an'ny firenena iray manontolo.

Manaja ny fahefan'ny mpitondra amin'ny faritra anefa ny lalàna avoakan'izy ireo.

## Toko 2
## FIARAHAMIASA SY FIRAISANKINA

### Andininy 47

Mba hisorohana ny fifandirana momba ny fahefana eo amin'ny governemanta nasionaly sy ny governemanta regionaly, dia hatsangana ny **"Vaomiera Mpandrindra Nasionaly sy Vaomiera mpandrindra Rezionaly "**.

- Izy ireo no manara-maso ny fifandraisana sy ny fiaraha-miasa eo amin'ireo governementa nasionaly, sy governemanta rezionaly.
- Mamaha ny disadisa mifandraika amin'ny fizarana sy fampiasana fahefana.
- Manolotra vahaolana raha misy andraikitra tsy ifanarahana eo amin'ny governemanta nasionaly sy governemanta rezionaly.

Io vaomiera io dia ahafahana manamafy ny fizakan-tenan'ny Faritra sady miantoka ny firaisankinam-pirenena eo amin'ireo faritra samihafa.

## LOHATENY IV
## NY AMIN'NY ANDRIMPANJAKAN'NY REPOBLIKA

### Andininy 48.

- Ireto avy ny Andrimpanjakana :
  - Ny Fanjakana foibe izay misolotena ny Firenena Malagasy any ivelany.
  - Ny Filohan'ny Repoblika
  - -Ny Governemanta ;
  - Ny Antenimierandoholona
  - Ny Antenimierampirenena ;
  - Ny Fitsaràna Avo momba ny Lalàmpanorenana.

Mizara telo ny andraikitry ny Fanjakana :
Fanjakana mpanatanteraka, Fanjakana mpanao lalàna ary Fanjakana mpitsara.
Miavaka sy misaraka tsara ny andraikitra sahanin'ireo andrimpanjakana ireo.
Ny Fitsaràna Tampony, ny Fitsaràna Ambony sy ireo Fitsaràna miankina aminy ary koa ny Fitsaràna Avo no mitsara araka ny Lalàmpanorenana sy araka ny lalàna, amin'ny anaran'ny Vahoaka Malagasy.

**Andininy 49.**
- Ny lalàna no mamaritra ny habetsahana, ny fepetra ary ny fombafomba fanomezana tambin-karama omena ireo olo-manan-kaja nantsoina hisahana andraikitra maha-olom-boafidy, na hamita asa, na hanatontosa iraka eo anivon'ireo Andrimpanjakana voalazan'ity Lalàmpanorenana ity.

Alohan'ny hanatontosàna ny asa na iraka sy hisahanana ny andraikiny dia mametraka fanambaràm-pananana manoloana ny Fitsaràna Avo momba ny Lalàmpanorenana ireo sokajin'olona voalazan'ny andàlana etsy ambony.

Tsy misy olona amin'ireo voalazan'ny andininy faha-40 mahazo mandray ivelan'ny zony ny tambin-karama na karama avy amin'olona na rafitra mizàka zo aman'andraikitry ny isambatan'olona, vahiny na teratany, raha toa izany ka manakantsakana ny fanatontosàny ara-dalàna ny andraikitra nomena azy fa raha tsy izany dia aongana.

Ny lalàna no mamaritra ny fomba fampiharana ireo fepetra ireo indrindra ny amin'ny famerana ny zo, ny tamby sy ny karama ary ny paika arahina amin'ny fanonganana.

**Andininy 50.**
- Ny asa sahanina eny anivon'ny Andrimpanjakana dia tsy tokony ho zary loharanon-karena tsy ara-drariny na fitaovana ampiasaina ho amin'ny tombontsoan'ny tena manokana.

**Andininy 51.**
- Ny Filankevitra Ambony ho amin'ny Fiarovana ny Demokrasia sy ny Fanjakana tan-dalàna no miandraikitra ny fanaraha-maso ny fanajàna ny toetra fototry ny fahefàna, ny demokrasia sy ny fanajàna ny Fanjakana tan-dalàna, ny fanaraha-maso ny fampiroboroboana sy ny fiarovana ny zon'olombelona.
Ny lalàna no mamaritra ny fombafomba mikasika ny isan'ireo mpikambana sy ny fandaminana ao anatiny ary ny fampandehanana ny Filankevitra Ambony.

### *Zana-dohateny voalohany*
### NY AMIN'NY MPANATANTERAKA

**Andininy 52.**
- Ny asan'ny mpanatanteraka dia sahanin'ny Filohan'ny Repoblika sy ny Governemanta.

*Toko 1*

## Ny amin'ny Filohan'ny Repoblika

**Andininy 53.**
- Ny Filohan'ny Repoblika no Filoham-panjakana. Fidina hiasa mandritra ny dimy taona azo havaozina indray mandeha monja, amin'ny alàlan'ny fifidianana andraisan'ny mpifidy vaventy mivantana.

Izy no miantoka ny :
- Fifandraisana amin'ny any ivelany.
- Fiarovam-pirenena sy fiarovana ny sisintany.
- Fandaminanana ny atitany.
- Ny fitsarana sy ny polisy.
- Fitantanana ny ara-toekarena sy ny fikarohana ara-tsiansa
- Ny vola miditra amin'ny fadin-tseranana( la douane).
- Ny fifandraisana sy ny fomba ara-kolotoraly ary ny soatoavina malagasy.

Ny tetik'asa rehetra fampandrosoana any amin'ny Faritra dia eo ambany fiadidian'ireo Andrimpanjakana amin'ny Faritra.

Ireo mpifidy vaventy no mifidy ny Filohampirenena :
- Filohan'ny Fokontany.
- Mpanolotsain'ny Kaominina.
- Ny Ben'ny tanàna.
- Solombavambahoakam-paritra.
- Ny Governora.
- Mpanolotsain'ny Faritra.
- Ny Loholona.

Izy no miantoka, amin'ny fanelanelanany, ny fampandehanana ara-dalàna sy mitohy ny fahefàm-panjakana, ny fahaleovan-tenam-pirenena sy ny maha iray tsy anombinana ny tanindrazana.

Izy no mitandro ny fiarovana sy ny fanajàna ny fiandrianam-pirenena na eto an-toerana na any ivelany. Izy no miantoka ny Firaisam-pirenena.
Ny Filohan'ny Repoblika no miantoka ireo asa ireo ao anatin'ny fahefana izay napetrak'ity Lalàmpanorenana ity aminy.

**Andininy 54.**
- Izay olona rehetra milatsaka ho fidina ho Filohan'ny Repoblika dia tsy maintsy mizaka ny zom-pirenena Malagasy irery ihany, misitraka ny zon'ny isam-batan'olona sy ara-politika, feno efatra amby efapolo taona fara fahakeliny amin'ny vaninandro hifaranan'ny fametrahana ny filatsahana hofidina, monina eto amin'ny tanin'ny Repoblikan'I Madagasikara enim-bolana farafahakeliny mialohan'ny vaninandro farany ferana amin'ny fametrahana ny filatsahan-kofidina.
Nahazo diplaoma tamin'ny Oniversite ary atolotra antoko politika iray na maromaro.

Ny Filohan'ny Repoblika amperin'asa izay milatsaka hofidina amin'ny fifidianana ho Filohan'ny Repoblika dia mametra-pialàna amin'ny toerany enimpolo andro alohan'ny hanatanterahana ny fifidianana Filohan'ny Repoblika. Amin'io anton-javatra io, ny Filohan'ny Antenimerandoholona no misahana ny anjara raharahan'ny Filohan'ny Repoblika andavanandro mandra-panolorana ny fahefana amin'ny Filoha vaovao.

Raha toa ny Filohan'ny Antenimierandoholona ka milatsaka hofidina ihany koa, dia iarahan'ny Governemanta misahana ny asan'ny Filoham-panjakana.

Voarara, ho an'ireo olo-manan-kaja rehetra misahana andraikitra maha olom-boafidy, na manatanteraka asa eo anivon'ny Andrimpanjakana ary milatsaka hofidina amin'ny fifidianana ho Filohan'ny Repoblika, ny mampiasa, mba hanaovana fampielezan-kevitra, ny fitaovana na tombontsoa izay ananany noho ny asa ataony. Ny fandikàna izany izay hitan'ny Fitsaràna Avo momba ny Lalàmpanorenana fototra, dia zary antony tsy hampanan-kery ny filatsahana hofidina.

**Andininy 55.**
- Ny fifidianana ny Filohan'ny Repoblika dia tanterahina telopolo andro farafahakeliny ary enimpolo andro farafahabetsany alohan'ny fiafaran'ny fe-potoana fiasàn'ny Filoha am-perinasa.

Ireo fe-potoana ireo dia mihàtra aorian'ny fahitàna fototra ny fahabangàn-toerana ambaran'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana amin'ireo toe-javatra voalazan'ny andininy faha-53 sy faha-133 amin'ity Lalàmpanorenana ity.

Voafidy ho Filohan'ny Repoblika avy hatrany izay mahazo ny antsasa-manilan'ny vato manan-kery amin'ny fihodinana voalohany. Raha tsy tratra izany, dia asiana fihodinana faharoa, ka izay mahazo ny ampahany be indrindra amin'ny vato manan-kery no lany ho Filohan'ny Repoblika, amin'ireo mpilatsaka hofidina roa nahazo vato be indrindra tamin'ny fihodinana voalohany. Ny fihodinana faharoa dia atao telopolo andro raha ela indrindra aorian'ny fanambaràna ofisialy ny vokatry ny fihodinana voalohany.

Raha misy ny fahafatesan'ny mpilatsaka hofidina alohan'ny fihodinana iray amin'ny fandatsaham-bato, na koa misy toe-javatra hafa tsy azo anoharana voamarin'ny Fitsaràna Avo momba ny Lalàmpanorenana ara-dalàna, dia ahemotra amin'ny vaninandro vaovao ny fifidianana araka ny fepetra sy araka ny fombafomba izay ho faritana amin'ny alàlanan'ny lalàna fehizoro.

Ny Filoha amperinasa tsy nilatsaka hofidina amin'ny fifidianana dia mbola manohy ny asany mandra-pahatongan'ny fotoana hanolorana fahefana ny mpandimby azy araka ny fepetra voalazan'ny andininy faha-59.

**Andininy 56.**

- Ny fanoloram-pahefana ofisialy dia atao eo amin'ny Filoha teo aloha sy ny Filoha voafidy vaovao.

Alohan'ny handraisany ny asany, ny Filohan'ny Repoblika, amin'ny fotoam-pitsaràna manetriketrika ataon'ny Fitsaràna Avo momba ny Lalàmpanorenana, eo anoloan'ny Firenena sy eo anatrehan'ny Governemanta, ny Antenimierampirenena, ny Antenimierandoholona ary ny Fitsaràna Tampony, dia manao izao fianianana izao :

***“Eo anatrehan’ny ZANAHARY sy ny Firenena ary ny Vahoaka, mianiana aho fa hanatanteraka antsakany sy andavany ary amim-pahamarinana ny andraikitra lehibe maha-Filohan’ny Firenena Malagasy ahy.***

***Mianiana aho fa hampiasa ny fahefana natolotra ahy ary hanokana ny heriko rehetra hiarovana sy hanamafisana ny firaisam-pirenena sy ny zon’olombelona.***

***Mianiana aho fa hanaja sy hitandrina toy ny anakandriamaso ny Lalàmpanorenana sy ny lalàm-panjakana, hikatsaka ny soa ho an’ny Vahoaka Malagasy tsy ankanavaka”.***

Manomboka ny andro nanaovana fianianana ny fe-potoana iasan’ny Filohan’ny Repoblika.

**Andininy 57.**

- Ny asan’ny Filohan’ny Repoblika dia tsy azo ampirafesina amina asam-panjakana naha-voafidim-bahoaka, asa aman-draharaha hafa, asa ao anatin’ny antoko politika, vondrona politika, na fikambanana, ary fisahanana andraikitra eo anivon’ny fikambanam-pivavahana.

Izay rehetra fandikàna ireo fepetra voalazan’ity andininy ity, voamarin’ny Fitsaràna Avo momba ny Lalàmpanorenana, dia zary ho antony amin’ny tsy fahafahana miasa tanteraka ho an’ny Filohan’ny Repoblika.

**Andininy 58.**

- Ny tsy fahafahana miasa miserana manjo ny Filohan’ny Repoblika noho ny tsy fahafahana ara-batana na ara-tsaina hisahana ny asany, izay voamarina ara-dalàna, dia ambaran’ny Fitsaràna Avo momba ny Lalàmpanorenana, rehefa nampakarin’ny Antenimierampirenena ny raharaha, araka ny fanapahan-kevitra nolanian’ny roa ampahatelon’ny mpikambana ao aminy.

Raha sendra misy tsy fahafahana miasa miserana dia ny Filohan’ny Antenimierandoholona no misahana vonjimaika ny asan’ny Filoham-panjakana.

**Andininy 59**
- Ny fanalàna ny tsy fahafahana miasa miserana dia tapahin'ny Fitsaràna Avo momba ny Lalàmpanorenana, rehefa nanao fampakaran-draharaha ny Antenimiera.

Ny tsy fahafahana miasa miserana dia tsy tokony hihoatra ny telo volana aorian'ny fampakaran-draharaha momba izany ataon'ny Antenimiera izay manapaka tamin'ny latsabato misaraka ataon'ny Antenimiera roa tonta ary nolanian'ny roa ampahatelon'ny mpikambana ao aminy, dia azon'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana atao ny manambara ny amin'ny fanovàna ny tsy fahafahana miasa miserana ho tsy fahafahana miasa tanteraka.

**Andininy 60.**
- Aorian'ny fametraham-pialàna, fandaozana ny fahefana na amin'ny endriny inona na amin'ny endriny inona, fahafatesana, ny tsy fahafahana miasa tanteraka na ny fanonganana nambara, ny fahabangan'ny toeran'ny Filohan'ny Repoblika dia hozahan'ny Fitsaràna Avo momba ny Lalàmpanorenana fototra.
Raha vao hita fototra ny fahabangan'ny toeran'ny Filohan'ny Repoblika, dia ny Filohan'ny Antenimierandoholona no misahana ny asan'ny Filoham-panjakana.

Raha misy tsy fahafahana miasa manjo ny Filohan'ny Antenimierandoholona hita fototry ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana, dia iarahan'ny Governemanta manontolo misahana ny asan'ny Filoham-panjakana.

**Andininy 61.**
- Aorian'ny fizahana fototra ataon'ny Fitsaràna Avo momba ny Lalàmpanorenana ny fahabangàn'ny toeran'ny Filohan'ny Repoblika, dia hisy ny fifidianana Filohan'ny Repoblika vaovao atao ao anatin'ny 30 andro farafahakeliny ary 60 andro farafahabetsany, araka ny fepetra voalazan'ny andininy faha-58 sy faha-59 amin'ny Lalàmpanorenana.

Mandritry ny fe-potoana izay miantomboka amin'ny fahitana fototra ny fahabangan-toerana ka hatramin'ny fotoana hanolorana ny fahefàna amin'ny Filohan'ny Repoblika vaovao na amin'ny fanesorana ny tsy fahafahana miasa

miserana dia tsy azo ampiharina ny andininy faha-71, faha-112, faha-115, faha-173 ary faha-174 amin'ny Lalàmpanorenana.

**Andininy 62.**

- Ny Filohan'ny Repoblika no manendry ny Praiminisitra araka ny tolotry ny antoko na vondrona antoko maro an'isa ao amin'ny Antenimierampirenena.

Ny Filohan'ny Repoblika no mampitsahatra ny Praiminisitra amin'ny asany, aorian'ny fanolorany ny fametraham-pialàn'ny Governemanta, na vokatry ny fahadisoana goavana, na noho ny tsy fahombiazana azo tsapain-tànana.

Ny Filohan'ny Repoblika no manendry ny mambra ao amin'ny Governemanta sy mampitsahatra azy ireo amin'ny asany, araka ny tolokevitra avy amin'ny Praiminisitra.

**Andininy 63.**

- Ny Filohan'ny Repoblika no :

1° mitarika ny Filankevitry ny Minisitra ;

2° manao sonia ny hitsivolana noraisina teo amin'ny Filankevitry ny Minisitra araka ireo toe-javatra sy fepetra voalazan'ity Lalàmpanorenana ity ;

3° manao sonia ny didim-panjakana notapahina teo anivon'ny Filankevitry ny Minisitra ;

4° manendry, eo anivon'ny Filankevitry ny Minisitra, amin'ny asam-panjakana ambony izay ferana amin'ny alàlan'ny didim-panjakana raisina eo amin'ny Filankevitry ny Minisitra ny lisitra ;

5° afaka manapaka, eo amin'ny Filankevitry ny Minisitra, momba ny raharaha rehetra mavesa-danja mikasika ny Firenena, ny amin'ny hanontaniana mivantana ny hevitry ny vahoaka amin'ny alalan'ny fitsapàn-kevi-bahoaka ;

6° manoritra sy manapaka, eo amin'ny Filankevitry ny Minisitra, ny politika ankapobe arahin'ny Fanjakana ;

7° manara-maso ny fampiharana ny politika ankapoben'ny Fanjakana voafaritra araka izany sy ny asan'ny Governemanta ;

8° mampiasa ireo rantsa-mangaika mpanara-maso ny Fitondran-draharaham-panjakana.

Afaka mamindra ny sasantsasany amin'ny fahefàny amin'ny Praiminisitra ny Filohan'ny Repoblika.

**Andininy 64.**
- Ny Filohan'ny Repoblika no Filoha Faratampon'ny Foloalindahy ka izy no miantoka ny maha-iray tsy mivaky azy. Amin'izany dia ampian'ny Filankevitra Ambony momba ny Fiarovam-pirenena izy.
Ny Filankevitra Ambony momba ny Fiarovam-pirenena, eo ambany fahefan'ny Filohan'ny Repoblika, dia miandraikitra indrindra ny fitandroana ny fandriam-pahalemana sy ny fandrindràna ny asa nankinin'ny Foloalindahy aminy mba hitandroana ny fandriam-pahalemana eo amin'ny fiaraha-monina. Ny fandaminana izany sy ny anjara raharahany dia faritana amin'ny alàlan'ny lalàna.
Ny Filohan'ny Repoblika no manapaka mandritra ny Filankevitry ny Minisitra ny handefasana miaramila sy fitaovana amin'ny firotsahana any ivelany rehefa avy naka ny hevitry ny Filankevitra Ambony momba ny Fiarovam-pirenena sy ny Antenimiera.

Izy no manapaka ao amin'ny Filankevitry ny Minisitra ny tetika momba ny fiarovam-pirenena eo amin'ny lafiny miaramila, toekarena, sosialy, kolotsaina, lafin-tany ary tontolo iainana.

Ny Filohan'ny Repoblika no manendry ny miaramila nantsoina hisolo-tena ny Fanjakana any amin'ireo antokon-draharaha iraisam-pirenena.

**Andininy 65.**
- Ny Filohan'ny Repoblika no manendry sy mampody ireo Masoivoho sy iraka manokan'ny Repoblika any amin'ireo Firenena sy Fikambanana Iraisam-pirenena hafa.
Izy no mandray ny taratasy fanendrena sy fampodiana ny solontenan'ny Fanjakana sy ny Fikambanana Iraisam-pirenena ankatoavin'ny Repoblikan'i Madagasikara.

**Andininy 66.**
- Ny Filohan'ny Repoblika no manana fahefana hamindra fo amin'ireo voasazy.
Izy no manolotra ny mari-boninahitra sy ny fampisaloram-boninahitry ny Repoblika avy amin'ny tolo-kevitry ny Faritra.

**Andininy 67.**

- Ny Filohan'ny Repoblika no mamoaka hampanan-kery ny lalàna ao anatin'ny telo herinandro manaraka ny fampitan'ny Antenimierampirenena ny lalàna nolaniana tanteraka.

Alohan'ny fahataperan'io fe-potoana io, ny Filohan'ny Repoblika dia afaka mangataka amin'ny Antenimiera ny fandinihana indray ilay lalàna na ny andininy sasantsasany ao aminy. Tsy azo lavina io fandinihina vaovao io.

**Andininy 68.**
- Raha tandindomin-doza ny Andrimpanjakan'ny Repoblika, ny fahaleovantenam-pirenena, ny firaisam-pirenena na ny maha-iray tsy anombinana ny Tanindrazana ka voatohintohina ny fizotra ara-dalànan'ny asan'ireo fahefam-panjakana dia azon'ny Filohan'ny Repoblika atao ny manambara ampahibemaso ny fisian'ny toe-javatra mampisahotakotaka amin'ny faritra sasany na eo amin'ny Firenena manontolo, izany hoe ny fotoam-pahamaizana, ny fahalatsahan'ny Firenena an-katerena na ny fampiharana lalàna miaramila. Eo amin'ny Filankevitry ny Minisitra no andraisan'ny Filohan'ny Repoblika ny fanapahana amin'izany rehefa naka ny hevitry ny Filohan'ny Antenimierampirenena, ny Filohan'ny Antenimierandoholona, ny Filohan'ny Fitsaràna Avo momba ny Lalàmpanorenana izy.

Ny fanambaràna ampahibemaso ny fisian'ny toe-javatra mampisahotakotaka dia manome fahefana manokana ny Filohan'ny Repoblika ka lalàna fehizoro no mamaritra ny faharetany sy ny fahelàny.
-Raha vao nambara ampahibemaso fa misy ny toe-javatra mampisahotakotaka dia azon'ny Filohan'ny Repoblika atao ny manao lalàna amin'ny alàlan'ny hitsivolana.

**Andininy 69.**
- Ny didy amam-pitsipika noraisin'ny Filohan'ny Repoblika, akoatr'ireo toe-javatra voalazan'ny andininy faha-65 andàlana voalohany sy faharoa, faha-69 andalana voalohany sy faharoa, faha-70, faha-93, faha-104, faha-127, faha-130 dia iarahany manao sonia amin'ny Praiminisitra ary, raha ilaina, iarahana amin'ny Minisitra voakasik'izany.

**Andininy 70 : Andraikitra**

Ny Governemanta nasionaly no rafitra mpanatanteraka ny Fanjakana foibe.

- Ahitana ny Praiminisitra sy minisitra miisa **folo (10) ka hatramin'ny roa ambin'ny folo (12)**, ka ny tsirairay no mitantana ministera iray izay voafaritry ny lalàna, samy manana andraikitra lehibe amin'ny asam-panjakana maha-fanjakana sy stratejika.
- Ny Governemanta nasionaly no miantoka ny fitarihana ny politika nasionaly amin'ireo sehatra maha fanjakana ny Fanjakana, ary miantoka ny firaisana, ny fitohizan'ny asam-panjakana ary ny fanajana ny maha firenena ny firenena ( souverainete de l'Etat).
- Manatanteraka ny politika ankapoben'ny Fanjakana izy.
- Tompon'andraikitra eo anatrehan'ny Antenimieram-pirenena izy araka ny fepetra voafaritra ao amin'ny andininy faha-111 etsy ambany.
- Manatanteraka ny didim-pitsarana avoakan'ny fitsarana.

**Andininy 71 : Fahefana maha-fanjaka ny Fanjakana**

Ny Fanjakana Foibe irery no tompon'anddraikitra amin'ireto fahefana manaraka ireto :

- Ny fiarovam-pirenena sy ny fiantohana ny filaminan'ny tany sy ny fanjakana;
- Ny raharaham-bahiny sy ny fifandraisana eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena;
- Ny fitsarana, ny fiantohana ny fanjakana tan-dalàna ary ny fiarovana ireo lalana fototra;
- Ny fikirakirana ny vola sy ny politika ara-bola maha fanjakana ny ny Fanjakana ary tompon'andrikitra amin'ny trosam-panjakana;
- Ny famolavolana ireo didy sy lalàna fototra manan-kery manerana ny firenena iray manontolo.

**Andininy 72 : Anjara asa stratejika sy fandrindrana**

Ny Fanjakana foibe no mametra sy mamaritra ireo vina sy tari-dalana stratejika lehibe ho an'ny Firenena.

Izy no miantoka ny fandrindrana, ny fanaraha-maso ary ny fampitoviana ny fivoarana amin'ny Faritra, indrindra amin'ny alalan'ny rafitra fiaraha-mientana nasionaly sy ny fitsinjarana ara-drariny ny loharanon-karena mba hampihenana ny tsy fitoviana eo amin'ny Faritra samy Faritra.

**Andininy 73 : Fifandraisana amin'ireo Faritra**

Ny fanjakana Foibe dia miantoka ny fanajana ny Lalàmpanorenana sy ireo lalàna ataon'ireo Faritra.

Noho izany dia manatanteraka fanaraha-maso ny maha-ara-dalàna ireo fanapahan-kevitra sy asa ataon'ny tompon'andraikitra amin'ny Faritra, nefa tsy mahazo misolo toerana na manelingelina ny fizakan-tenan'izy ireo amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra ao anatin'ireo sehatra tafiditra ao amin'ny fahefany manokana.

**Andininy 74.**
**-** Ny asan'ny mambra ao amin'ny Governemanta dia tsy azo ampirafesina amin'ny fisahanana ny asa maha-voafidim-bahoaka, ny andraikitra fisoloan-tena amin'ny asa, ny fisahanana asa eo anivon'ny fikambanam-pivavahana, ny fisahanan'asam-panjakana rehetra na ny asa aman-draharaha rehetra andraisan-karama.

Ny mambra rehetra ao amin'ny Governemanta, milatsaka hofidina amin'ny asa maha voafidim-bahoaka, dia tsy maintsy mametra-pialana amin'ny asany raha vao nambara fa azo raisina ny filatsahany hofidina.

**Andininy 75.**
**-** Ny Praiminisitra, Lehiben'ny Governemanta no :
1° mitarika ny politika ankapoben'ny Fanjakana ;
2° manana fahefana eo amin'ireo mambra ao amin'ny Governemanta izay izy no mitarika ny asa sy tompon'andraikitra amin'ny fandrindràna ny asan'ny minisitera sy ny vondrombahoaka itsinjaram-pahefana ary koa ny

fanarahamaso ny fandaharan'asam-pirenena rehetra momba ny fampandrosoana ;
3° manolotra volavolan-dalàna ;
4° manapaka ny volavolan-dalàna aroso hodinihin'ny Filankevitry ny Minisitra ary apetraka eo amin'ny biraon'ny iray amin'ireo Antenimiera roa tonta ;
5° miantoka ny fanatanterahana ny lalàna ;
6° manana ny fahefana hanao didy amam-pitsipika na dia eo aza ny fepetra voalazan'ny andininy faha-66 andalana faha-3 ;
7° manara-maso ny fampiharana ireo didim-pitsaràna ;
8° mampakatra raharaha, raha ilaina, any amin'ny Fisafoan-draharaha Ankapoben'ny Fanjakana sy ireo rantsa-mangaika hafa mpanara-maso ny Fitondran-draharaham-panjakana sy manao izay hampandeha tsara ny raharaham-panjakana, ny fitantanana arak'izay tokony ho izy ny volan'ny vondrombahoakam-panjakana sy ny an'ireo antokon-draharaham-panjakana;
9° miantoka ny filaminanana, ny fandriam-pahalemana ary ny maha marin-toerana manerana ny tanim-pirenena anatin'ny fanajana ny firaisam-pirenena; amin'izany, izy no mampiasa ireo hery rehetra miandraikitra ny filaminana, ny fitandroana ny fandriam-pahalemana, ny filaminana anatiny ary ny fiarovana;
10° raha misy korontana politika goavana ary alohan'ny hanambaràna ny fisian'ny toe-javatra mampisahotakotaka, dia afaka mampiasa ny mpitandro filaminana mba hamerina amin'ny laoniny ny fandriam-pahelamana rehefa avy naka ny hevitry ny manam-pahefana ambony ao amin'ny polisy, ny zandarimaria ary ny tafika, ny Filan-kevitra Ambony momba ny Fiarovam-pirenena sy ny Filohan'ny Fitsaràna Avo momba ny Lalàmpanorenana ;
11° Lehiben'ny fitondran-draharaham-panjakana ;
12° manendry amin'ny fisahanan'asa sivily sy miaramila ary koa amin'izay antokon-draharaha miankina amin'ny Fanjakana foibe, na dia eo aza ny fepetra voalazan'ny andininy faha-56 andalana faha-4.
Azony atao ny mamindra amin'ireo mpikambana ao amin'ny Governemanta ny ampahany amin'ny fahefany.

Izy no mijery mba hisiana fampandrosoana mifandanja sy mirindra eo amin'ny Faritra rehetra.
Tsy tohinina ny fepetra voalazan'ny andininy faha-66, nefa raha misy antony manokana, dia azony atao ny mitarika ny Filankevitry ny Minisitra araka ny fanomezam-pahefana mazava tsara nomen'ny Filohan'ny Repoblika sy araka ny laha-dinika voafaritra.

**Andininy 76.**
- Ny didy amam-pitsipika raisin'ny Praiminisitra dia iarahany manao sonia amin'ny Minisitra miandraikitra ny fanatanterahana izany, raha ilaina.

**Andininy 77**
Mpandrindra ny Faritra ( Coordonateurs des Régions ):
Ny Mpandrindra ny Faritra no solontenam-panjakana any amin'ny renivohi-paritany teo aloha. Ireo tatitra rehetra avy amin'ny Faritra dia atolotry ny Chef District na ny Prefet ny Mpandrindra ny Faritra.
Ny Mpandrindra ny Faritra izany no fahefam-panjakana manelanelana ny Fanjakana foibe sy ny Faritra.
Ny Filohan'ny Repoblika no manendry ny Mpandrindra ny Faritra eo amin'ny filankevitry ny Minisitra.

## *Zana-dohateny II*
## NY AMIN'NY MPANAO LALANA

**Andininy 78.**
**-** Ny Antenimierampirenena sy ny Antenimierandoholona no mandrafitra ny Antenimiera. Izy no mandany ny lalàna sy manara-maso ny asan'ny Governemanta ary ny fanaovana tombana ny politikam-panjakana.

### *Toko 1*
### Ny amin'ny Antenimierampirenena

**Andininy 79.**
Ny solombavambahoaka nasionaly dia fidina mandritry ny dimy taona amin'ny Distrika.

Tsy maintsy feno 25 taona ireo kandida ho solombavam-bahoaka.
Ny fomba fanatanterahana ny latsa-bato dia ferana amin'ny alalan'ny lalàna fehizoro.

Ny mpikambana ao amin'ny Antenimierampirenena dia mitondra ny anarana hoe : "Solombavambahoakan'i Madagasikara".

**Andininy 80.**
**-** Didim-panjakana raisina eo amin'ny Filankevitry ny Minisitra no mametra ny isan'ny mpikambana ao amin'ny Antenimierampirenena, ny fitsinjaràna toerana manerana ny tanim-pirenena sy ny fizarazaràna ny fari-pifidianana.

**Andininy 81.**
**-** Tsy azo ampirafesina amin'ny andraikitra hafa maha-olom-boafidim-bahoaka sy izay mety ho fisahanana asam-panjakana hafa ankoatra ny asa fampianarana ny andraikitry ny solombavambahoaka.

Miato avy hatrany amin'ny maha olom-boafidy azy ny solombavambahoaka voatendry ho mpikambana ao amin'ny Governemanta. Ny mpisolo toerana no misolo azy.

Manatanteraka ny asany araka ny feon'ny fieritreretany ary ao anatin'ny fanajana ny fitsipika fototra voafaritra araka ny fomba voadidy arahina ao amin'ny andininy faha-87 etsy ambany ny solombavambahoaka.

**Andininy 82.**
**-** Mandritra ny fe-potoana iasany, ny solombavambahoaka dia tsy afaka miova vondrona politika mba hiditra any amina vondrona vaovao, ankoatra ny anaran'ny vondrona izay nahavoafidy azy, raha tsy izany dia aongana.
Raha misy ny fandikàna ny andalana etsy aloha, dia ambaran'ny Fitsaràna Avo momba ny Lalàmpanorenana ny sazy fanonganana.

Ny solombavambahoaka voafidy ka tsy avy amina antoko iray dia afaka miditra ao amin'ny vondrona parlemantera araka ny safidiny eo anivon'ny Antenimiera.

Ny fanonganana solombavambahoaka iray dia azon'ny Fitsaràna Avo momba ny Lalàmpanorenana anaovana fanambaràna ihany koa, raha toa izy ka mivoana amin'ny lalàm-pitondran- tenan'ny vondrona parlemantera misy azy.

Ny fomba fanonganana sy ny fitsipika momba ny toetra fototra ary ny fitandroana ny hasin'ny asa dia faritana amin'ny alàlan'ny lalàna mikasika ny antoko politika sy ny didy amam-pitsipika mikasika ny famatsiam-bolan'ny antoko politika.

**Andininy 83.**
**-** Tsy misy solombavambahoaka na dia iray aza azo enjehina, karohina, samborina, tànana am-ponja, na tsaraina noho ny hevitra naposany na latsabato nataony teo am-panaovana ny asany.
Tsy misy solombavambahoaka na dia iray aza azo enjehina sy samborina noho ny heloka bevava na heloka tsotra mandritra ny fotoam-pivoriana raha tsy nahazoan-dàlana tamin'ny Antenimiera, raha tsy hoe tratra ambodiomby.

Tsy misy solombavambahoaka na dia iray aza azo samborina ivelan'ny fotoampivoriana, raha tsy nahazoan-dàlana tamin'ny Biraon'ny Antenimiera, raha tsy hoe tratra ambodiomby, noho ny fanenjehana nomena alàlana na ny fanamelohana tanteraka.

Afaka manao fitarainana an-tsoratra any amin'ny Birao maharitry ny Antenimierampirenena izay rehetra olona manana fanamarihana momba ny tsy fahavitan'ny solombavambahoaka iray ny asa nankinina taminy. Tsy maintsy manome valiny amin'ny antsipiriany mikasika ilay raharaha ny Birao ao anatin'ny telo volana.
**Andininy 84.**
**-** Fidina eo amin'ny fiandohan'ny fotoam-pivoriana voalohany ny Filoha sy ny mpikambana ao amin'ny Birao mandritry ny fotoam-piasany.

Na izany aza noho ny antony lehibe, dia azo esorina amin'ny toerana misy azy ireo avy ny mpikambana ao amin'ny Birao amin'ny alalan'ny latsa-bato miafina ataon'ny roa ampahatelon'ny solombavambahoaka.

**Andininy 85.**
**-** Mivory ara-potoana indroa isan-taona ny Antenimierampirenena. Ny faharetan'ny fotoam-pivoriana isanisany dia ferana ho enimpolo andro.

Manomboka ny talata voalohany amin'ny volana mey ny fotoam-pivoriana voalohany ary ny talata fahatelo amin'ny volana oktobra kosa ny fotoam-pivoriana faharoa izay atokana indrindra amin'ny fandaniana ny lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana.

**Andininy 86.**
**-** Mivory tsy ara-potoana araka ny laha-dinika voafaritra ny Antenimierampirenena noho ny fitarihan'ny Praiminisitra, na noho ny fangatahan'ny antsasa-manilan'ny mpikambana ao amin'ny Antenimierampirenena araka ny didim-panjakana noraisin'ny Filohan'ny Repoblika teo amin'ny Filankevitry ny Minisitra.

Tsy mihoatra ny roa ambin'ny folo andro ny faharetan'ny fotoam-pivoriana. Na izany aza anefa, raha vantany vao tapitra ny laha-dinika izay niantsoana ny Antenimierampirenena, dia faranana amin'ny alalan'ny didim-panjakana ny fivoriana.

**Andininy 87.**
**-** Ampahibemaso ny fivorian'ny Antenimierampirenena. Tànana an-tsoratra izany, ary avoaka ho fantatry ny besinimaro araka ny fepetra voalazan'ny lalàna.

Mivory tsy ampahibemaso ny Antenimierampirenena araka ny fangatahana ataon'ny ampahefatry ny mpikambana ao amin'ny antenimiera na ireo mpikambana amin'ny Governemanta. Anaovana fitànana an-tsoratra ny fanapahana nofaranana.

**Andininy 88.**
- Manao fivoriana manokana avy hatrany ny Antenimierampirenena ny talata faharoa manaraka ny fanambarana ny vokatry ny fifidianana azy mba hananganana ny biraony sy ny fanamboarana ny vaomiera.

Manana zo amin'ny toeran'ny filoha lefitra iray ny mpanohitra ao anatin'ny antenimierampirenena ary mitarika ny iray amin'ireo vaomiera farafahakeliny.

Mifarana ny fivoriana raha vao tapitra ny laha-dinika.

**Andininy 89.**
- Ny fitsipika mikasika ny fampandehanana ny Antenimierampirenena dia faritan'ny lalàna fehizoro ao amin'ny foto-kevitra ankapobe sy faritan'ny fitsipika anatiny ao amin'ny fombafomba arahiny. Avoaka amin'ny Gazetim-panjakan'ny Repoblika ny fitsipika anatiny.

*Toko 2*

**Ny amin'ny Antenimierandoholona**

**Andininy 90.**

- Ny kandidà te ho Loholon'i Madagasikara dia tsy maintsy 40 taona amin'ny daty ametrahana ny filatsahan-kofidina.

- Ireo mpikambana ao amin'ny Antenimierandoholona dia fidina amin'ny alalan'ny mpifidy vaventy, izay ahitana ireo solombavambahoaka avy amin'ny faritra, ireo governora ary ireo ben'ny tanàna.

- Ireo mpikambana ao amin'ny Antenimierandoholona dia mitondra ny anarana hoe "Loholon'i Madagasikara ».

- Ny fe-potoana iasan'izy ireo dia dimy taona, afa-tsy ny Lehiben'ny Loholona, araka ny andininy faha-57, andalana faha-2 ao amin'ity lalampanorenana ity.

**Andininy 91.**
**-** Ny Antenimierandoholona no misolo tena ireo Vondrom-bahoaka Itsinjaram-pahefana sy ireo vondron-draharaha ara-toekarena, ara-tsosialy ary ara-koltoraly.

**Andininy 92.**
**-** Lalàna fehizoro no mamaritra ny fitsipika momba ny fampandehananan-draharaha sy ny firafitry ny Antenimierandoholona. Torak'izany koa ny fomba fifidianana sy fanendrena ny mpikambana ao aminy.

**Andininy 93.**
**-** Maka ny hevitry ny Antenimierandoholona ny Governemanta momba ny raharaha ara-toekarena sy ara-tsosialy ary ny fandaminana ny Vondrom-bahoaka Itsinjaram-pahefana.

**Andininy 94.**
**-**Mivory ara-potoana indroa isan-taona ny Antenimierandoholona.
Enimpolo andro no faharetan'ny fotoam-pivoriana.
Manomboka ny talata voalohany amin'ny volana mey ny fotoam-pivoriana voalohany ary ny talata fahatelo amin'ny volana oktobra kosa ny fotoam-pivoriana faharoa izay atokana indrindra amin'ny fandaniana ny lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana.
Afaka manao fotoam-pivoriana manokana ihany koa izy araka ny fiantsoana ataon'ny Governemanta. Ny laha-dinika amin'izany dia ferana amin'ny alàlan'ny didim-panjakana fiantsoana izay noraisina teo amin'ny Filankevitry ny Minisitra.

Rehefa tsy mivory ny Antenimierampirenena, ny Antenimierandoholona dia tsy afaka mandinika hafa tsy ny raharaha nangatahan'ny Governemanta ny heviny, hafa tsy izay volavolan-dalàna.

**Andininy 95.**

**-** Ny fepetra voalazan'ny andininy faha-92 hatramin'ny faha-90 dia ampiharina amin'ny Antenimierandoholona ihany koa.

*Toko 3*

**Ny amin'ny fifandraisan'ny Governemanta sy ny Antenimiera**

**Andininy 96.**

**-** Samy manam-pahefana hanolotra volavolan-dalàna ny Praiminisitra, Tolo-dalàna ny Solombavambahoaka ary ny Loholona.

Dinihina eo amin'ny Filan-kevitry ny Minisitra ny volavolan-dalàna ary apetraka amin'ny birao iray amin'ireo biraon'ny Antenimiera roa.
Ny laha-dinik'ireo Antenimiera dia ahitana araka ny laharam-pahamehana sy araka ny laha-dinika faritan'ny Governemanta, ny ady hevitra momba ny volavolan-dalàna napetraky ny Praiminisitra teo amin'ny Biraon'ny Antenimierampirenena na teo amin'ny biraon'ny Antenimierandoholona.
Ny tolo-dalàna sy ny fanitsiana napetraky ny mpikambana ao amin'ny Antenimiera dia ampahafantarina ny Governemanta, izay manana fe-potoana telopolo andro ho an'ny tolo-dalàna ary dimy ambin'ny folo andro hoan'ny fanitsiana mba hanaovany fanamarihana.

Rehefa tapitra izany fe-potoana izany, dia miroso amin'ny fandinihana ny tolo-dalàna sy ny fanitsiana mba handaniana azy ny Antenimiera nametrahana izany.
Tsy azo raisina ny tolo-dalàna na ny fanitsiana raha toa ny fandaniana azy ireo ka misy fiantraikany eo amin'ny sehatry ny fanatanterahana ny tetibola an-dalam-panatanterahana, na ny fihenan'ny loharanom-bolam-panjakana na ny fitambesaran'ny lolohan'ny Fanjakana, hafa tsy izay mikasika ny lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana.

Raha hita mandritra ny fomba arahina amin'ny fanaovan-dalàna fa tsy tafiditra ao anatin'ny faritra sahan'ny lalàna ny tolo-dalàna sy ny fanitsiana dia afaka manohitra ny tsy fahazoana mandray izany ny Governemanta. Raha misy ny tsy fifanarahana eo amin'ny Governemanta sy ny Antenimierampirenena na

ny Antenimierandoholona, dia mamoaka didy ao anatin'ny valo andro ny Fitsaràna Avo momba ny Lalàmpanorenana araka ny fangatahana ataon'ny Praiminisitra na ny Filohan'ny iray amin'ireo Antenimiera mpanao lalàna.
Fotoam-pivoriana herinandro roa amin'ny efatra fara fahakeliny no atokana handinihana ireo rijan-teny sy ireo adi-hevitra izay nangatahin'ny Governemanta ho soratana eo amin'ny laha-dinika.

**Andininy 97.**

**-** Ny Antenimiera no mandàny ny lalàna fehizoro, ny lalàna mifehy ny fitantanam-bola ary ny lalàna tsotra araka ny fepetra faritan'ity Lalàmpanorenana ity.

**Andininy 98.**

**-** Ankoatra ireo anton-javatra ampisahanan'ny andininy hafa ao amin'ny Lalàmpanorenana azy, dia lalàna fehizoro ihany no mametra:
1°ny fitsipika mikasika ny fifidianana ny Filohan'ny Repoblika;
2°ny fombafomba amin'ny fandatsaham-bato mikasika ny fifidianana solombavambahoaka, ny fepetra ahafahana milatsaka hofidina, ny fomba itondràna ny tsy fampirafesana ny asa aman-draharaha sy ny fanonganana, ny fitsipika momba ny fanoloana raha misy fahabangan-toerana, ny fandaminana ary ny fampandehanana ny Antenimierampirenena;
3°ny fombafomba amin'ny fandatsaham-bato mikasika ny fifidianana Loholona, ny fepetra ahafahana milatsaka hofidina, ny fomba itondràna ny tsy fampirafesana ny asa aman-draharaha sy ny fanonganana, ny fitsipika momba ny fanoloana raha misy fahabangan-toerana, ny fandaminana ary fampandehanana ny Antenimierandoholona;
4°ny fitsipika mifehy ny fahefana, ny fomba fandaminana sy ny fampandehanana ny Vondrom-bahoakam-paritra Itsinjaram-pahefana ary koa ny fitsipika mifehy ny fitantanana ny raharahany manokana;
5°ny fandaminana, ny firafitra, ny fampandehanana ary ny andraikitry ny Fitsaràna Tampony sy ireo Fitsaràn-dehibe telo mandrafitra azy. Toa izany koa ny mikasika ny fanendrena ireo mpikambana ao aminy sy ireo izay mikasika ny paika arahina eo anatrehany;
6°ny sata mifehy ny Mpitsara;
7°ny fandaminana sy ny fampandehanana ary ny anjara raharahan'ny Filan-kevitra Ambonin'ny Mpitsara;
8°ny fandaminana, ny fampandehanana, ny anjara raharaha, ny fampakarandraharaha ary ny paika ady arahina manoloana ny Fitsaràna Avo;

9°ny fandaminana, ny fampandehanana, ny anjara raharaha, ny fampakarandraharaha ary ny paika arahina manoloana ny Fitsaràna Avo momba ny Lalàmpanorenana;
10°ny Fehezan-dalàna momba ny fifidianana;
11°ny fepetra ankapobe mikasika ny lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana:
12°ny fepetra ankapobe mikasika ny Fifampiraharaham-barotra amin'ny Fanjakana amin'ny harena an-kibon'ny tany;
13°ny fisian'ny toe-javatra mampihotakotaka ary koa ny famerana ny fahafahan'ny vahoaka, ny isam-batan'olona ary iombonana mandritra izany fotoana izany ;
14°ny fepetra fampitoviana ara-bola hisian'ny tombom-pitoviana eo amin'ny samy vondrom-bahoakam-paritra.

**Andininy 99.**

**-** Ny lalàna fehizoro dia laniana sy ovàna araka ireto fepetra manaraka ireto :
1°ny volavolan-dalàna na tolo-dalàna dia tsy aroso hotapahina sy holanian'ny Antenimiera voalohany nandray azy raha tsy tapitra ny fe-potoana dimy ambiny folo andro aorian'ny nametrahana azy ;
2°ny paika arahina voalazan'ny andininy faha-97, faha-108 ary faha-110 no ampiharina.

Na izany aza anefa, tsy maintsy ny antsasa-manilan'ny mpikambana ao amin'ny Antenimiera tsirairay no mandany ny lalàna fehizoro; raha misy ny tsy fifanarahankevitra eo amin'ny Antenimiera roa tonta izay samy efa nandinika izany indroa, dia ny Antenimierampirenena amin'ny alalàn'ny latsabato andraisan'ny roa ampahatelon'ny mpikambana ao aminy no mandray fanapahan-kevitra farany.

Raha toa ka tsy nolanian'ny Antenimierampirenena ny volavolan-dalàna fehizoro alohan'ny fiafaran'ny fotoam-pivoriana dia azo ampiharina amin'ny alàlan'ny hitsivolana ny fepetra entin'io volavolan-dalàna io, ka ampidirina ao raha ilaina izany, ny iray na maromaro amin'ireo fanitsiana nolanian'ny Antenimiera iray.
3°tsy maintsy mitovy ny fenitra andanian'ny Antenimiera roa tonta ny lalàna fehizoro mikasika ny Antenimierandoholona.

Tsy azo avoaka hanan-kery ny lalàna fehizoro raha tsy efa nambaran'ny Fitsaràna Avo momba ny Lalàmpanorenana fa mifanaraka amin'ny Lalàmpanorenana.
**Andininy 100.**

**-** Ao anatin'ny faritry ny lalàna fehizoro ampiharina mikasika izany, ny lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana dia :
1°mamaritra ny loharanom-bola sy ny lolohan'ny Fanjakana araka ny fepetra sy araka ny voalazan'ny lalàna fehizoro ;
2°mamaritra ho an'ny taom-piasana ny karazana, ny habetsahana, ary ny fanokanana ny loharanom-bola sy ny lolohan'ny Fanjakana ary koa ny fifandanjana eo amin'ny tetibola sy ny vola vokatr'izany araka ny fanerena eo amin'ny lafiny toekarena faobe ;
3°mamaritra ny tahan'ny fidiram-bola tokony hiverina amin'ny Fanjakana sy ny Vondrom-bahoaka Itsinjaram-pahefana ary koa ny karazana sy ny tahan'ny hetra sy ny haba ambony indrindra raisina mivantana ho an'ny tetibolan'izany vondrombahoaka izany faritana eo amin'ny Filankevitry ny Minisitra.
Ny lalàna fehizoro no mamaritra ny fomba fampiharana ireo fepetra voalazan'ity andininy ity ary koa ny fepetra momba ny fampitoviana ny vola hisian'ny tombom-pitoviana eo amin'ny samy Vondrom-bahoaka Itsinjaram-pahefana.

Ny lalàna no mamaritra mazava ny fepetra fisamboram-bola sy manapaka ny mety ho fananganana ny tahiry.
Ny lalàna no mamaritra :
-Ny fombafomba fampiasana ny tahiry fisamboram-bola avy any ivelany sy ny fanaraha-maso ataon'ny Antenimiera sy araka ny lalàna ;

-Ny fomba fitondrana ny andraikitry ny tena manokana sy ara-bolan'ny fahefana momba ny fitantanam-bola, tompo-mariky ny fanodinkodinana ny vola nosamborina ary koa ny tsy fidiran'ny Fanjakana andraikitra amin'izany.
Ny fitsinjarana ny vola eo amin'ny Fanjakana foibe sy ny Faritra dia voalaza ao amin'ny andininy 171 amin'ity lalampanorenana ity.

**Andininy 101.**
**-** Ny lalàna momba ny fandaharanasa no mamaritra ny tanjona kendrena amin'ny asa ataon'ny Fanjakana mikasika ny toekarena, tontolo iainana, sosialy ary fanajariana ny tany.

Ny fepetra voalazan'ity andininy ity dia soritana mazava sy fenoina amin'ny alàlan'ny lalàna fehizoro.

**Andininy 102.**
**-** Mandritra ny fivoriana ara-potoana faharoa no andinihan'ny
Antenimiera ny volavolan-dalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana.

Ny Minisitra miandraikitra ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola no manomana ny volavolan-dalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana ka eo ambany fahefàn'ny Praminisitra, Lehiben'ny Governemanta no anaovany izany.

Manana fe-potoana enimpolo andro fara-fahabetsany ny Antenimiera handinihana izany.

Manana fe-potoana telopolo andro fara-fahabetsany manomboka eo amin'ny fotoana nanolorana ny volavolan-dalàna taminy ny Antenimierampirenena mba handinihana azy am-boalohany. Rehefa tsy naneho ny heviny tao anatin'izay fe-potoana izay izy, dia heverina ho toy ny efa nandany azy sahady ka dia atolotra ny Antenimierandoholona indray ilay volavolan-dalàna.

Mitovy amin'izay fepetra izay ihany, dia manana fe-potoana dimy ambin'ny folo andro manomboka ny fampitàna ny volavolan-dalàna ny Antenimierandoholona mba handinihany azy am-boalohany ary ny Antenimiera tsirairay dia manana fe-potoana dimy andro hanaovany ny fandinihana azy manaraka.
Raha misy iray amin'ireo Antenimiera tsy maneho ny heviny tao anatin'ny fe-potoana voatondro, dia heverina ho toy ny efa nanao latsabato nanekena ilay rijan-teny natolotra ho dinihina izy.
Raha tsy nolanian'ny Antenimiera alohan'ny fiafaràn'ny fotoam-pivoriana faharoa ny volavolan-dalàna momba ny fitantanam-bola, dia ampidirina ao ny fanitsiana iray na maromaro neken'ny Antenimiera roa tonta.
Izay fanitsiana rehetra natao tamin'ilay volavolan-dalàna momba ny tetibola ka miteraka fitomboan'ny fandaniana na fihenan'ny loharanom-bolam-panjakana dia tsy maintsy ampiarahina amin'ny tolokevitra momba ny fampitomboana ny vola miditra na ny toekarena mifandanja amin'izany.
Raha tsy napetraka ara-potoana mba holaniana alohan'ny fiantombohan'ny taom-piasana ny volavolan-dalàna momba ny fitantanam-bolam-panjakana amin'ny taom-piasana iray, dia omena alàlana ny Praiminisitra ahazoany manao ny famoriana ny hetra ary manokatra amin'ny alàlan'ny didim-panjakana ny sora-bola mifandraika amin'ireo asa nolaniana tamin'ny latsa-bato.

Lalàna fehizoro no mamaritra ny fomba fankatoavana ny volavolan-dalàna momba ny fitantanam-bolam-panjakana.

**Andininy 103.**
**-** Ny Fitsaràna momba ny Kaonty no manampy ny Antenimiera amin'ny fanaraha-maso ny asa ataon'ny Governemanta. Manampy ny Antenimiera sy ny Governemanta amin'ny fanaraha-maso ny fanatanterahana ny lalàna

mifehy ny fitantanam-bolam- panjakana ary koa amin'ny fanombanana ny politikam-panjakana izy. Amin'ny fifandraisany amin'ny vahoaka, izy dia mandray anjara amin'ny fampahafantarana ny olom-pirenena.

Ny kaontin'ny Fitondran-draharaham-panjakana dia tokony ho ara-dalàna sady marina. Manome endrika azo itokiana amin'ny vokatry ny fitantanany, ny fananany ary ny toe-bolany izany.

**Andininy 104.**
**-** Ny Filohan'ny Repoblika no mifandray amin'ny Antenimiera amin'ny alàlan'ny hafatra tsy azo iadian-kevitra.

**Andininy 105.**
**-** Ankoatra ireo raharaha ampisahanin'ny andininy hafa ao amin'ny Lalàmpanorenana azy dia :
I- Ny lalàna no mametra ny fitsipika mikasika :
1°ny zon'ny olom-pirenena sy ny antoka fototra nomena ny tsirairay, fikambanana, antoko politika ary ny vondrona hafa rehetra ho amin'ny fampiasana ny zo sy ny fahalalahana ary koa ny adidy aman'andraikitr'izy ireo;
2°ny fifandraisana iraisam-pirenena ;
3°ny zom-pirenena ;
4°ny Banky Foibe sy ny fomban'ny famoaham-bola ;
5°ny fivezivezen'ny olona ;
6°ny fitsipika mikasika ny paika arahina amin'ny ady madio sy ny raharaham-barotra;
7°ny fitsipika mikasika ny paika arahina amin'ny ady atao amin'ny Fanjakana sy ny paika arahina amin'ny fitantanam-bolam-panjakana ;
8°ny famaritana ny heloka bevava sy ny heloka tsotra ary koa ny sazy ampiharina amin'izany, ny paika ady heloka, ny famotsoran-keloka ;
9°ny fitsipika mikasika ny fifanoheran'ny lalàna sy ny an'ny fahefana ;
10°ny fananganana rafi-pitsaràna vaovao sy ny fahefana tandrify azy avy ary koa ny fandaminana sy ny fitsipika mifehy ny paika arahina izay ampiharina amin'izany:
11°ny fandaminana ny fianakaviana, ny sata sy ny fizakan-jon'ny isambatan'olona, ny fehin'ny fanambadiana, ny fandovàna sy fanomezana ;
12°ny fifehezana araka ny lalàna ny fitompoana, ny fizakà-manana, ny adidy ateraky ny zo isam-batan'olona sy ny ara-barotra ary ny fepetra ahazoana manaisotra amin'ny tompony ny fananany na ny fampiasana azy tsy azo lavina noho ny filan'ny besinimaro na ny famindràna ny fitompoana azy amin'ny Fanjakana:

13°ny fananganana ny sokajin'antokon-draharaham-panjakana ;
14°ny sata sy ny fitondrana ny fizakan-tenan'ireo Oniversite, ny toeram-pianarana ambony sy ny Foibem-pikarohana nasionaly, ary koa ny sata mifehy ny mpampianatra sy ny mpikaroka eny amin'ny fampianarana ambaratonga ambony sy ny Fikarohana ara-tsiansa.
15°ny sori-dàlana lehibe amin'ny fanomezan-danja ny fampianarana ambaratonga fototra sy faharoa ;
16°ny loharanon-karena iankinan'ny fiainam-pirenena ;
17°ny fandaminana sy ny fampandehanana ny Vondrom-bahoakam-paritra Itsinjaram-pahefana ;
18°ny sata manokan'ny Renivohitry ny Repoblika, ny ampahany sasantsasany amin'ny tanim-pirenena, ireo lapam-panjakana sy ireo trano isan'ny fananam-panjakana, ireo seranana sy ny zotram-pifamoivoizana, ireo seranam-piaramanidina, ary koa ny satan'ireo harena an-dranomasina ;
19°ny karazana, ny fototra ary ny taha farany ambony amin'ny hetra sy haba any amin'ny Vondrom-bahoakam-paritra Itsinjaram-pahefana ;
20°ny Filankevitry ny Andrin'ny Mari-boninahitra Malagasy ;
21°ny fanatsaràna ny tanàna sy ny fonenana ;
22°ny fepetra amin'ny fisitrahan'ny vahiny tany ;
23°ny fepetra famindràna amin'ny Fanjakana ny tany tsy nohamaintisamolaly;
24°ny fandaminana ny fampandehanana ary anjara raharahan'ny Fisafoan-draharaham- panjakana Ankapobe ary ireo rantsana hafa momba ny fanaraha-maso ny fitondran-draharaham-panjakana.
II- Ny lalàna no mamaritra ny foto-kevitra ankapobe momba :
1- ny fandaminana ny fiarovam-pirenena sy ny fampiasàn'ireo manam-pahefàna sivily ny Foloalindahy na ny Hery mpitandro ny filaminana ;
2- ny sata ankapobe mifehy ny mpiasam-panjakana sivily sy miaramila eto amin'ny Firenena ary ny mpiasam-panjakana any amin'ny faritra;
3- ny lalàna mifehy ny asa, ny zo sendikaly, ny zo hitokona ary ny fitsinjovana ara-tsosialy ;
4- ny famindràna ny fananan'ny orinasa na antokon-draharaha miankina amin'ny Fanjakana amin'olon-tsotra na ny mifamadika amin'izany ;
5- ny fandaminana na ny fampandehanana ny sehatrasa samihafa misahana lalàna, toekarena, sosialy ary kolotsaina ;
6- ny fiarovana ny tontolo iainana.
III- Ny fivorian'ny Antenimiera roa tonta mitambatra ho Kongresy irery, amin'ny alàlan'ny latsa-bato iandanian'ny antsasa-manilan'ny mpikambana rehetra ao anatiny, no afaka manome alàlana hamakiana ady amin'ny firenen-kafa.

**Andininy 106.**

**-** Ny volavolan-dalàna sy ny tolo-dalàna rehetra dia dinihin'ny Antenimiera nandray azy voalohany vao ampitaina any amin'ny Antenimiera ankilany.
Ifandimbiasan'ny Antenimiera roa tonta ny ady hevitra mandra-pisian'ny fandaniana rijan-teny tokana.

Raha toa ka tsy mety lany ny volavolan-dalàna na tolo-dalàna iray rehefa nodinihin'ny Antenimiera tsirairay indroa ka misy tsy fifanarahan-kevitra tamin'izy roa tonta, na rehefa nodinihin'ny Antenimiera tsirairay indray mandeha rehefa nanambara ny fisian'ny hamehana ny Governemanta, dia afaka mandray fanapahan-kevitra ny Praiminisitra hamory vaomiera ikambanana isasahana izay ampiandraiketina fanolorana rijan-teny momba ireo fepetra mbola iadian-kevitra. Ny rijan-teny novolavolain'io vaomiera ikambanana io dia azon'ny Governemanta atolotra ny Antenimiera roa tonta mba hankatoavina. Tsy misy fanitsiana azo raisina raha tsy nahazoana ny faneken'ny Governemanta.

Raha toa ka tsy afaka mandany rijan-teny tokana iombonana ny Vaomiera na tsy nolaniana araka ireo fepetra voalaza ao amin'ny andalana etsy aloha ilay rijan-teny, dia ny Antenimierampirenena, amin'ny alalàn'ny latsa-bato iandanian'ny antsasa-manilan'ny mpikambana ao aminy no manapa-kevitra farany.

**Andininy 107.**
**-** Manana endrika didy amam-pitsipika ny raharaha hafa tsy tafiditra ao anatin'ny faritra sahanin'ny lalàna. Azo ovàna amin'ny alàlan'ny didim-panjakana izay avoaka rehefa milaza ny heviny ny Fitsaràna Avo momba ny Lalàmpanorenana ireo rijan-teny miendrika lalàna tafiditra ao anatin'izany raharaha izany.
Ireo rijan-teny miendri-dalàna mety ho raisina, rehefa manan-kery ity Lalàmpanorenana ity dia tsy azo ovàna amin'ny alàlan'ny didim-panjakana raha tsy nambaran'ny Fitsaràna Avo momba ny Lalàmpanorenana fa miendrika didy amam-pitsipika izany araka ny voalazan'ny andàlana etsy aloha.

**Andininy 108.**
Ny Governemanta dia afaka mangataka latsa-bato miafina amin'izay tolo-dalàna tiany ho laniana:
- mandritra ny fivoriana tsy ara-potoana, raha toa ka voatolotra valo amby efapolo ora mialohan ny fisokafan'ny fivoriana ireo rijan-teny ireo ;
- ao anatin'ny valo andro farany amin'ny fotoam-pivoriana ara-potoana tsirairay avy.

**Andininy 109.**
**-** Ao anatin'ny telopolo andro nanendrena azy no anoloran'ny Praiminisitra ny fandarahan'asa fampandrosoana izay natolotry ny Faritra.

Raha tsapan'ny Governemanta eo am-panatanterahana ny asa fa misy fanovàna fototra tokony hatao amin'io fandaharan'asa io, dia entin'ny Praiministra eny amin'ny Antenimierampirenena izay afaka manome tolo-kevitra izany fanovàna izany.

**Andininy 110.**
Isaky ny fiandohàn'ny fivoriana ara-potoana voalohany no anoloran'ny Governemanta amin'ny Antenimierampirenena ny tatitra momba ny fanatanterahana ny fandaharan'asam-panjakana.

Arahina adihevitra sy fanombanana ny asan'ny Governemanta foibe sy ny Governemantan' ny Faritra.

**Andininy 111.**
**-** Ny fomba ampiasain'ny Antenimiera ahafantarany ny asa sahanin'ny Governemanta dia ny fanontaniana am-bava, ny fanontaniana an-tsoratra, ny fanadinana hentitra ary ny fampiasana ny vaomiera mpanao famotorana.

Fivoriana iray isaky ny dimy ambin'ny folo andro farafahakeliny, ka anatin'izany ny fivoriana atao mandritra ny fotoam-pivoriana tsy ara-potoana voalazan'ny andininy faha-85 dia atokana ho an'ny fanontanian'ireo mpikambana ao amin'ny Antenimiera sy ireo valiny avy amin'ny Governemanta.

Fivoriana telo andro isam-bola no atokana ho amin'ny Iaha-dinika izay notapahin'ny Antenimiera tsirairay araka ny fitarihan'ny vondron'ny mpanohitra ao amin'ny Antenimiera voakasika ary koa avy amin'ny vondron'ireo vitsy an'isa.

**Andininy 112.**
**-** Azon'ny Antenimierampirenena atao ny maneho tsy fankasitrahana ny andraikitry ny Governemanta amin'ny alàlan'ny Iatsabato fitsipaham-pitokisana.
Tsy azo raisina anefa ny tolo-kevitra toy izany raha tsy ny antsasaky ny mpikambana ao amin'ny Antenimierampirenena no manao sonia azy. Valo

amby efapolo ora aorian'ny fametrahana ny tolo-kevitra hotapahina izay vao azo atao ny latsa-bato.

Tsy lany ny fitsipaham-pitokisana raha tsy ny roa ampahatelon'ny mpikambana ao amin'ny Antenimierampirenena no mankato azy.

Raha lany izany fitsipaham-pitokisana izany dia mametraka ny fialàny amin'ny Filohan'ny Repoblika ny Governemanta .

**Anindiny 113.**

**-** Ny Antenimiera, amin'ny alàlan'ny latsa-bato ataon'ny antsasa-manilan'ny mpikambana mandrafitra ny Antenimiera tsirairay dia afaka mamindra ny fahefàny amin'ny Filohan'ny Repoblika hanao lalàna mandritra ny fotoana voafetra sy mikasika toe-javatra voafaritra.

Ny fanomezam-pahefana dia manome alàlana ny Filohan'ny Repoblika handray fepetra amin'ny ankapobeny momba ny toe-javatra mahakasika ny sehatry ny lalàna, amin'ny alàlan'ny hitsivolana raisina eo amin'ny Filankevitry ny Minisitra.

## *Zana-dohateny III*
## NY AMIN'NY FILANKEVITRA ARA-TOEKARENA ARA-TSOSIALY ARY ARA-KOLOTSAINA

**Andininy 114.**

**-** Ny Filankevitra ara-toekarena, ara-tsosialy ary ara-kolotsaina izay ampakaran'ny Governemanta raharaha, no manome ny heviny mikasika ny volavolan-dalàna, hitsivolana na didim-panjakana ary koa mikasika ireo tolo-dalàna izay naroso hodinihiny.

Manam-pahefàna izy handinika ny volavola sy tolo-dalàna manana endrika ara-toekarena, ara-tsosialy ary ara-kolotsaina ankoatra ny lalàna momba ny fitantanam-bolam-panjakana.

Afaka mandray amin'ny alàlan'ny tenany manokana ireo fandinihana na famotopotorana rehetra mikasika ireo raharaha ara-toekarena, ara-tsosialy ary ara-kolotsaina izy. Ampitaina any amin'ny Filohan'ny Repoblika ny tatitra ataony.

Ny firafitra, ny anjara raharaha ary ny fampandehanana ny Filankevitra ara-toekarena, ara-tsosialy ary ara-kolotsaina, dia ferana amin'ny alalàn'ny lalàna fehizoro.

**Andininy 115.**

Misy tahiry iombonana atsangana eo anivon'ny Fanjakana foibe sy ny Faritra ahafahana manatsara ireo fitaovana sy hanampiana ireo vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana izay sahirana.

Ny lalàna no mametra ny fametrahana izany tahiry iombonana izany.

## *Zana-dohateny IV*
## NY AMIN'NY FITSARANA

*Toko 1*

### Ny amin'ny Feni-kevitra Fototra

**Andininy 116**.

- Eto amin'ny Repoblikan'i Madagasikara, ny Fitsaràna Tampony, ny Fitsaràna Ambony sy ireo Fitsaràna miankina aminy ary koa ny Fitsaràna Avo no mitsara araka ny Lalàmpanorenana sy araka ny lalàna, amin'ny anaran'ny Vahoaka Malagasy.

**Andininy 117**

Mahaleo tena amin'ny fahefana mpanatanteraka sy ny fahefana mpanao lalàna ny fahefana mpitsara.

Ny **Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana**, ny **Fitsarana Misahana ny Raharaham-panjakana sy Ara-bola**, ary ny **Fitsarana Tampony** no miantoka izany fahaleovantena izany.

**Andininy 118.**

**-** Eo amin'ny asam-pitsaràna sahaniny dia mahaleotena ny Mpitsara mpamoaka didy, ny mpitsara sy mpitsara mpanampy ka ny Lalàmpanorenana sy ny lalàna ihany no mifehy azy ireo.

Amin'izany, ankoatra ny toe-javatra voalazan'ny lalàna ary na dia eo aza ny fahefàna ara-pitsipi-pifehezana, dia tsy azo tohintohinina na amin'ny fomba inona na amin'ny fomba inona izy ireo amin'ny asam-pitsaràna ataony ho fisahanana ny andraikiny.

**Andininy 119.**

**-** Ny mpitsara mpamoaka didy dia tsy azo henjehina amin'ny toerany satria manao ny asa mifanentana amin'ny toerana tokony hisy azy araka ny laharany izy; tsy azo afindra toerana afa raha tsy misy fanekena avy aminy afa-tsy hoe misy antony ilàna izany amin'ny asa, voamarin'ny Filankevitra Ambony momba ny Mpitsara ara-dalàna.

**Andininy 120**

**-**Ny Mpitsara ao amin'ny Fampanoavana ( ministère public ) dia fehezin'ny ambaratongam-pahefàna; na izany aza anefa, ao amin'ny fehin-teny na fitakiana am-bava ataony, dia izay maharesy lahatra azy manokana sy araka ny lalàna no mibaiko azy.

-Mampiasa ireo mpiandraikitra ny fikarohana fandikàn-dalàna ( police judiciaire) izy ireo izay ahafahany manara-maso ny asa sy ny fampandehanan-draharaha .

**Andininy 121.**

**-** Ny fanaovana ny asa maha Mpitsara dia tsy azo ampirafesina amin'ny asa sahanina eo anivonà antoko politika sy eo anivon'ny Governemanta, na amin'ny asa fanatanterahana andraikitra nahavoafidy eo anivon'ny vahoaka na izay rehetra mety ho fisahanana asa aman-draharaha ahazoam-bola afa tsy ny asa fampianarana ihany.

**Andininy 122.**

**-** Ny fisafoan-draharaha ankapoben'ny Fitsaràna, ahitàna ny solontenan'ny Antenimiera, ny solontenan'ny Governemanta ary ny solontenan'ny Filankevitra Ambony momba ny fiarovana ny demokrasia sy ny Fanjakana tan-dalàna ary ny solontenan'ny Mpitsara no miandraikitra ny fanaraha-maso ny fanajana ny fitsipika manokana momba ny fitandrovana ny hasin'ny asa amin'ny maha Mpitsara, ary koa ny fihetsika ataon'ny mpiasan'ny fitsaràna.

Miankina amin'ny fiadidiana ny Repoblika izany.

Ny Filohan'ny Repoblika, ny Antenimiera, ny Governemanta, ny Lehiben'ny Fitsaràna, ny fikambanana natsangana ara-dalàna ary ny olona rehetra manana fanamarihana dia afaka mitondra ny raharaha amin'ny Fisafoan-draharaha ankapoben' ny fitsarana.

Ny fitsipika mikasika ny fandaminana, ny fampandehanana ary ny anjara raharahan'ny Fisafoan-draharaha ankapoben'ny fitsarana dia ferana amin'ny alàlan'ny lalàna.

**Andininy 123**.

- Ny Filankevi-pirenena momba ny Fitsaràna, rantsa-mangaika fakan-kevitra ahitàna ny Filoha Voalohany ao amin'ny Fitsaràna Tampony, Filoha , ny Tonia mpampanoa ao amin'ny Fitsaràna Tampony, sy ireo Lehiben'ny Fitsaràna Ambony sy Fitsaràna Tampony, ny solontenan'ny fahefàna mpanatanteraka, ny fahefàna mpanao lalàna, ny Fitsaràna Avo momba ny Lalàmpanorenana, ny Filankevitra Ambony momba ny Mpitsara, ny Filankevitra Ambony momba ny fiarovana ny demokrasia sy ny Fanjakana tan-dalàna ary ny mpiasan'ny Fitsaràna amin'ny ankapobeny.

Amin'izany, izy dia afaka manolotra amin'ny Governemanta ny fepetra eo amin'ny lafiny lalàna na didy amam-pitsipika mikasika ny fandaminana sy fampandehanana ny antokom-pitsaràna, ny sata mifehy ny Mpitsara sy ny mpiasan'ny Fitsaràna.

Ny fitsipika mikasika ny fandaminana, ny fampandehanana ary ny anjara raharahan'ny Filankevi-pirenena momba ny Fitsaràna dia ferana amin'ny alàlan'ny lalàna.

## *Toko 2*
## Ny amin'ny Fitsaràna Avo momba ny Lalàmpanorenana

**Andininy 124.**

Ny **Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana sy ny Raharaham-panjakana ary Ara-bola**, izay andrim-panjakana ao amin'ny Fanjakana, dia ahitana :

- ny **Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana** ;
- ny **Filankevi-panjakana** ;
- ny **Fitsarana misahana ny Kaontim-bolam-panjakana**.

Ny Filohan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana dia, araka ny lalàna, no Filoha Voalohan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana sy ny Raharaham-panjakana ary Ara-bola.

**Andininy 125.**

Ny **Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana** dia tompon'andraikitra amin'ny fanapahana raha mifanaraka amin'ny **Lalàmpanorenana** na tsia ny fifanarahana iraisam-pirenena, ny lalàna, ny didy hitsivolana ary ny fitsipika anatiny.

Izy ihany koa no mitsara ny fifandirana momba ny fahefana sy andraikitra eo amin'ny andrim-panjakana roa na maromaro ao amin'ny Fanjakana, ary eo amin'ny andrim-panjakana sy ny vondrom-paritra itsinjaram-pahefana.

Izy no mpitsara mahefa amin'ny raharaha mikasika ny fifidianana.

**Andininy 126**

Ny **Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana** dia ahitana mpikambana sivy (9), izay manana fe-potoam-piasana enin-taona (6 taona), ary tsy azo havaozina izany fe-potoam-piasana izany.

Amin'ny maha fitsarana tampony azy ireo eo amin'ny sehatry ny fitsarana, ny **Fitsarana Tampony**, ny **Fitsarana misahana ny Raharaham-panjakana**, ary ny **Fitsarana misahana ny Raharaha Ara-bola** dia samy manendry mpikambana telo (3) avy ho tompon'andraikitra ao amin'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana.

Ireo mpikambana ireo dia fidina avy amin'ireo mpitsara manana traikefa, ary farafahakeliny mitana ny **grady faharoa** eo amin'ny asam-pitsarana.

**Andininy 127**

Ny andraikitry ny mpikambana ao amin'ny **Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana** dia tsy azo ampifandraisina amin'ny andraikitry ny mpikambana ao amin'ny **Governemanta**, na ao amin'ny **Parlemanta**, na amin'ny andraiki-panjakana azo tamin'ny alalan'ny fifidianana, na amin'ny asa matihanina andraisam-bola.

Toy izany koa, tsy mifanaraka amin'izany andraikitra izany ny fandraisana anjara na ny maha-mpikambana ao amin'ny antoko politika na fikambanan'ny mpiasa (sendikà).

**Andininy 128**

Ny **Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana** dia manara-maso ny fahatomombanana sy ny fanarahan-dalàna amin'ny fizotry ny fitsapan-kevi-bahoaka ary ny fifidianana ny Filohan'ny Fokontany, ny Ben'ny tanana,  ny **solombavambahoaka**, ny **senatera** ary ny **Filohan'ny Repoblika**,

Izy no manambara amin'ny fomba ofisialy ny valin'ireo fitsapan-kevi-bahoaka sy fifidianana ireo.

**Andininy 129**

Alohan'ny hamoahana azy amin'ny fomba ofisialy,ny lalàna rehetra dia atolotry ny **Filohan'ny Repoblika** ny **Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana** mba hojerena ny fifanarahany amin'ny Lalàmpanorenana.

Raha misy  fepetra  izay heverin'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana fa mifanohitra amin'ny Lalàmpanorenana dia tsy azo avoaka amin'ny fomba ofisialy ny valim-pifidianana.

Raha misy izany tranga izany, ny Filohan'ny Repoblika dia afaka manapa-kevitra:

- na hamoaka amin'ny fomba ofisialy ireo fepetra hafa ao amin'ilay lalàna izay mifanaraka amin'ny Lalàmpanorenana;
- na hamerina ny lahatsoratra manontolo hodinihin'ny Parlemanta indray;
- na tsy hamoaka mihitsy ilay lalàna.

**Andininy 130**

Ny **didy hitsivolana**, alohan'ny hamoahana azy amin'ny fomba ofisialy, ary ny **fitsipika anatiny antenimiera** isaky ny fivoriana, alohan'ny hampiharana azy, dia atolotra eo anatrehan'ny **Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana**.

Io Fitsarana Avo io no manapa-kevitra raha mifanaraka amin'ny **Lalàmpanorenana** ireo didy hitsivolana na tsia.

**Andininy faha-131**

Ny **Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana** dia azon'ny olona rehetra anontaniana  momba ny **maha ara-dalana na tsia ny didim-panjakana** .

Mifanaraka amin'ny lalampanorenana ve sa tsia.

**Andininy faha-132**

Raha misy fikambanana iray manoloana fitsarana ka manohitra fa tsy mifanaraka amin'ny Lalàmpanorenana ny fanenjehana azy, dia ajanona ny fitsarana amin'ilay raharaha, ary omena fe-potoana iray volana izy mba hirosoana amin'ny fangatahana fanazavana any amin'ny **Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana**, izay tsy maintsy manapaka ao anatin'ny fe-potoana iray volana.

**Andininy faha-133**

Ny **Filankevi-panjakana** dia mandinika ny fitoriana fanafoanana ny asa na didy navoakan'ny manampahefana ara-panjakana; ny fitoriana feno momba ny fahefana nateraky ny asan'ny fitondram-panjakana; ary ny fitarainana ara-pitsarana amin'ny hetra.

Izy no fitsarana ambony amin'ireo fitsarana navoakan'ny fitsarana ara-panjakana sy ireo rafitra ara-panjakana momba ny fitsarana, rehefa nandalo fitsarana tamin'ny ambaratonga voalohany izy ireo; ary izy ihany koa no manapaka amin'ny fitoriana (cassation) ny fanapahan-kevitra navoakan'ireo rafitra mpitsara rehefa izy ireo no ambaratonga farany.

Azo angatahin'ny olona rehetra hevitra ihany koa izy mba hanome ny heviny momba ny:

- famolavolan-dalana izay hanana  fiantraikany amin'ny olona rehetra
- fanakanana volavolan-dalana izay hanana  fiantraikany amin'ny fiainam-bahoaka.

Ankoatra izany, azony atao ihany koa, raha angatahin'ny fahefam-panjakana, ny manao fandalinana momba ny lalàna, ny fandaminana, ny fomba fiasa ary ny andraikitry ny sampan-draharaham-panjakana.

**Andininy faha-134**

Ny **Fitsarana misahana ny Kaontim-bolam-panjakana**:

- dia mitsara ny kaontin'ny mpitahiry volam-panjakana;
- manara-maso ny fanatanterahana ny lalàna mifehy ny fitantanam-bola sy ny tetibolan'ny vondrom-paritra sy ireo rafitra ara-panjakana;
- manara-maso ny kaonty sy ny fitantanana ny orinasa tantanin'ny fanjakana.

Izy no mitsara amin'ny ambaratonga fitsarana ambony ny fanapahan-kevitra ara-bola navoakan'ny fitsarana na ny rafitra ara-panjakana manana toetra fitsarana.

Izy koa dia manampy ny **Parlemanta** sy ny **Governemanta** amin'ny fanaraha-maso ny fanatanterahana ny lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana.

### Andininy 135

Ny fitsipika mifehy ny fandaminana, ny fomba fiasa ary ny andraikitry ny **Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana sy ny Raharaham-panjakana ary Ara-bola** dia feran'ny lalàna.

## *Toko 3*
## Ny amin'ny Fitsaràna Tampony

### Andininy faha-136

Ny **Fitsarana Tampony** dia andrim-panjakana miandraikitra:

- ny fiantohana ny fampandehanana ara-dalàna ny fitsarana eo amin'ny rafitra fitsarana;
- ny fanaraha-maso ny fanajana ny fitsipika ara-etika manokana mifehy ny mpitsara, ary koa ny fitondran-tenan'ny mpiasa ao amin'ny fitsarana;
- ny fitsarana ny fitarainana amin'ny alalan'ny fangatahana famerenana (cassation) amin'ny fanapahan-kevitra navoakan'ny fitsarana ao amin'ny rafitra fitsarana ara-pitsarana.

### Andininy 137

Ny **Filoha Voalohany** sy ny **Fampanoavana Lehiben'ny Fanjakana** no mitarika ny **Fitsarana Tampony**.

Ny Filoha Voalohany dia fidin'ny **Filankevitra Ambony ny Mpitsara** sy ny fivoriambe ankapoben'ny Fitsarana Tampony.

Io fifidianana io dia ankatoavin'ny didim-panjakana navoakan'ny Filohan'ny Repoblika.

Ny fe-potoam-piasany dia telo taona (3 taona), azo havaozina indray mandeha ihany.

Ny Fampanoavana Lehiben'ny Fitsarana Tampony dia tendrena amin'ny alalan'ny didim-panjakana navoakan'ny Filohan'ny Repoblika, ao amin'ny Filankevitry ny Minisitra, avy amin'ny lisitra atolotry ny **Filankevitra Ambony ny Mpitsara**.

Ny fe-potoam-piasany dia telo taona (3 taona), azo havaozina indray mandeha ihany.

### Andininy faha-138

Ny fitsipika mifehy ny fandaminana, ny fomba fiasa ary ny andraikitry ny **Fitsarana Tampony** dia feran'ny lalàna.

### Andininy 139

Ny Fitsarana Tampony dia mandefa tatitra isan-taona momba ny asany any amin'ny Filohan'ny Repoblika sy ny Praiminisitra, ary koa amin'ny Filohan'ny Antenimierampirenena, ny Filohan'ny Antenimierandoholona, ary ny Filohan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana.

Ity tatitra ity dia tsy maintsy avoaka ampahibemaso.

## Toko 4

## NY AMIN'NY FITSARANA AVO

### Andininy faha-140

Ny Filohan'ny Repoblika, ireo filohan'ny andrim-panjakana rehetra, ireo mpikambana ao amin'ny Governemanta, ao amin'ny Fitsarana momba ny Lalàmpanorenana sy ny Raharaham-pitantanana ary ny Fitantanam-bola, ary ao amin'ny Fitsarana Tampony dia tompon'andraikitra azo tsaraina amin'ny asa nataony nandritra ny fanatanterahana ny asany, raha toa ka voasokajy ho heloka bevava na heloka tsotra izany tamin'ny fotoana nanaovana azy.

Izy ireo dia tsarain'ny **Fitsarana Avo momba ny Fitsarana (Haute Cour de Justice)**.

Azo ampangaina izy ireo amin'ny alalan'ny Antenimieram-pirenena, amin'ny latsa-bato miafina sy amin'ny fahazoana ny maro an'isa tanteraka amin'ireo mpikambana mandrafitra azy.

**Andininy 141**

Ny **Fitsarana Avo momba ny Fitsarana (Haute Cour de Justice)** dia manana fahefana feno amin'ny fitsarana ny raharaha rehetra tafiditra ao anatin'ny fari-piadidiany.

**Andininy 142**

Ny **Fitsarana Avo momba ny Fitsarana (Haute Cour de Justice)** dia misy mpikambana sivy (9), ahitana :

- ny Filoha Voalohan'ny Fitsarana Tampony, izay filoha;
- filohan'ny efitra telo (3) ao amin'ny Fitsarana Tampony;
- filoha voalohan'ny Fitsarana Ambony iray (1), tendren'ny Filoha Voalohan'ny Fitsarana Tampony;
- solombavambahoaka roa (2) tompon-toerana sy roa (2) mpisolo toerana, voafidin'ny Antenimieram-pirenena;
- loholona roa (2) tompon-toerana sy roa (2) mpisolo toerana, voafidin'ny Antenimieran-doholona.

Mpitsara mpisolo toerana dimy (5) no tendren'ny Fivoriambe ny Fitsarana Tampony avy amin'ireo filohan'ny efitra ao amin'ny Fitsarana Tampony

na ireo filoha voalohany na filohan'ny efitra ao amin'ny Fitsarana Ambony.

Ny Fampanoavana dia soloin'ny Mpampanoa Lalàna Jeneraly eo anivon'ny Fitsarana Tampony, tohanan'ny mpikambana iray na maromaro ao amin'ny biraon'ny Fampanoavana Jeneraly.

Ny Lehiben'ny Mpirakidraharahan'ny Fitsarana Tampony dia mpirakidraharahan'ny Fitsarana Avo momba ny Fitsarana araka ny lalàna; izy no miandraikitra manokana ny fitanana ny firaketana an-tsoratra. Raha misy tsy fahafahan'ny Lehiben'ny Mpirakidraharaha manatanteraka izany, dia soloina amin'ny mpirakidraharahan'ny efitra zokiny indrindra izy.

**Andininy 143**

Ny fandaminana sy ny fomba fiasan'ny Fitsarana Avo momba ny Fitsarana (Haute Cour de justice) dia faritan'ny lalàna.

## LOHATENY V

## NY AMIN'NY FIFANEKENA SY FIFANARAHANA IRAISAM-PIRENENA

**Andininy 144.**

- Ny Filohan'ny Repoblika no mifampiraharaha sy mankato ny Fifanekena iraisam-pirenena. Ampahafantarina azy izay fifampiraharahàna rehetra hiandraiketana fifanekena iraisam-pirenena tsy ilàna fankatoavana.

Tsy maintsy lalàna no manome alàlana amin'ny fankatoavana na fanekena ny fifanekem-pihavanana, ny fifanekem-barotra, ny fifanekena na fifanarahana mikasika ny fandaminana iraisam-pirenena, ireo izay mampiditra andraikitra ho hefaina amin'ny volam-panjakana, tafiditra amin'izany ny fisamboram-bola avy any ivelany, ireo izay manova ny fepetra miendrika lalàna, ireo izay

mikasika ny fitoetry ny olona, fifanekena tsy hifanafika, ireo izay manova ny faritry ny tanim-pirenena.

Alohan'izay fankatoavana rehetra atao, dia atolotry ny Filohan'ny Repoblika ny Fitsaràna Avo momba ny Lalàmpanorenana ireo fifanekena, mba hohamarinina raha mifanaraka amin'ny Lalàmpanorenana. Raha misy tsy fifanarahana amin'ny Lalàmpanorenana, dia tsy azo atao ny fankatoavana raha tsy aorian'ny fanovàna izany hifanitsy amin'ny Lalàmpanorenana.

Raha vantany vao navoaka ho fantatry ny besinimaro ny fifanekena na ny fifanarahana nankatoavina na nekena ara-dalàna dia manan-kery mihoatra noho ny lalàna raha toa ampiharin'ny ankilany ny fifanarahana na ny fifanekena tsirairay.

Izay rehetra fifanekena ataon'i Madagasikara amin'ny fikambanam-paritra iraisampirenena dia tsy maintsy aroso amin'ny fakàna ny hevitry ny vahoaka amin'ny alàlan'ny fitsapan-kevi-bahoaka.

**Andininy 145.**

- Ny Praiminisitra no manao ny fifampiraharahana sy manao sonia ny fifanarahana iraisam-pirenena tsy ilàna fankatoavana.

## LOHATENY VI

## NY AMIN'NY FANDAMINANA NY FIADIDIANA NY LAFIN-TANY

### *Zana-dohateny voalohany*

### NY AMIN'NY FEPETRA ANKAPOBE

**Andininy 146.**
- Ny Fanjakana Malagasy dia ahitàna Fokontany, kaominina,Distrika , Faritra ary Fanjakana foibe.

Ny Fokontany, kaominina ary ny Faritra no Vondrom-bahoakam-paritra Itsinjaram-pahefana, manana zo aman'andraikitra eken'ny lalàna ary mizaka tena ara-pitantanan-draharaham-panjakana sy ara-bola, no sehatra eo amin'ny rafi-pitondrana ahazoan'ny olom-pirenena mandray anjara amin'ny

fitantanana ny raharaham-bahoaka ary miantoka ny fanehoana izay fahasamihafàna misy eo amin'izy ireo sy ny mampiavaka azy izay faritan'ny lalàna amin'ny Lalàmpanorenana.

Antananarivo no renivohitry ny Repoblika eto Madagasikara. Ny fitantanana azy dia faritan'ny lalàna.

Lalàna no mamaritra ny fari-pananan'ireo Vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana izay ahitàna ny fanànana ampiasaina ho amin'ny tombontsoam-bahoaka sy ny fanànana manokana.

Tsy mahazo mitrosa ny Vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana hafa tsy ny vola izay ilaina amin'ny fanatanterahana fotodrafitr'asa izay ilainy ihany, ka mila aseho mazava tsara ny lamina famerenana ny vola. Ny famerenana ny vola nindramina dia tsy tokony ampikorontana ny lamina fitantanam-bola amin'ny Faritra, dia ny fifandanjàna amin'ny vola miditra sy ny vola mivoaka.

Ny Fanjakana foibe dia tsy mandray anjara amin'ny famerenam-bola izay nindramin'ny Vondrom-bahoaka Itsinjaram-pahefana.

**Andininy 147.**
Samy manana fahefàna manao lalàna ny Fanjakana foibe sy ny Faritra fa eo am-panajàna tanteraka ny Lalàmpanorenana. Eo ampanajàna ny lalàna ato anatiny sy ny lalàna iraisam-pirenena.
Ny Fanjakana foibe dia manana fahefàna hamoaka lalàna amin'ireto sehatra manaraka ireto:

a) Politika fifandraisana any ivelany sy ny fifandraisana iraisam-pirenena.
b) Ny fidirana sy ny fivoahana amin'ny sisin-tany eto Madagasikara.
c) Ny fifandaminana sy fifanarahana amin'ny fiangonana.
d) Ny fiarovam-pirenena sy ny foloalindahy: filaminana sy fandriam-pahalemana, fampiasana ny fitaovam-piadiana tsotra sy mahery vaika.
e) Fandaminana ny fitantanam-bola sy fiarovana ny tahirim-bola. Fandaminana ny volam-panjakana sy ny volam-bahoaka. Fandaminana ny fidiram-bola eto amin'ny tany sy ny fanjakana.
f) Fandaminana ny fifidianana na fanontaniana ny safidim-bahoaka.
g) Fandaminana sy famolavolana ny lamina amin'ny fampandehanana ny raharaham-panjakana sy amin'ny sehatra rehetra ambany fiadidian'ny Fanjakana (établissements publics)
h) Filaminam-bahoaka sy ny fiarovana azy ireo, ankoatry ny filaminana izay sahanin'ny polisy monisipaly.

i) Fitsarana mahefa ny lalàna sivily sy ny lalàna famaizana ary ny lalàna mifehy ny fitantanan-draharaham-panjakana.

j) Mandrindra ny fampiharana ny zo fototra sy ara-tsosialy izay tokony ho sitrahan'ny Malagasy rehetra.
k) Lalàna iombonanana amin'ny fampianarana.
l) Fiahiana ara-tsosialy. ( securité sociale)
m) Lalàm-pifidianana, fametrahana ny ratsamangaikan'ny fifidianana sy ny ny andraikitry ny Fokontany, Kaominina ary Faritra.

n) Fadin-tseranana sy ny fiarovana ny sisintany.

o) Fitsipika momba ny fandanjàna (poids), momba ny refy( mesures) ary momba ny fe-potoana( temps) ara-dalàna.
-Fanangonana tatitra mahakasika ny raharaham-panjakana avy any amin'ny Faritra.
-Fanangonana ny tatitra avy amin'ny vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana avy any amin'ny Faritra.

p) fiarovana ny tontolo iainana sy ny harem-pirenena ara-kolotsaina.

Ireto sehatra ireto kosa dia afaka iarahan'ny Faritra sy ny Fanjakana foibe amoahana lalàna miaraka.

- Fifandraisana ara-barotra any ivelany.
- Fiarovana ny asa.( protection et sécurité au travail)
- Fampianarana sy fampiofanana: araka ny fomba mifanaraka amin'ny Faritra.
- Momba ny asa aman-draharaha.
- Asa fikarohana sy fanohanana seha-pihariana mamokatra.
- Fanatsaràna ny sehatry ny fahasalamana.
- Fikarakaràna ny foto-pivelomana ara-sakafo, fanatanjahan-tena sy ny fiarovana ny vahoaka.
- Fikarakaràna ny velaran-tany, ny seranan-tsambo sy ny seranam-piaramanidina.
- Ny sehatra fitaterana an-tanety sy an-dranomasina. Ny fifandraisana an-tariby.
- Ny fitaritana sy famokarana ary fizaràna ny herin'aratra amin'ny Firenena.
- Ny fitsinjovana ny sosialim-bahoaka.
- Ny fifandraisana amin'ny fitsinjaràna ny volam-bahoaka sy ny hetra.

- Ny fanomezan-danja ny vakodrazana sy ny tontolo iainana ary ny fanomanana ny fifaninanana amin'ireo sehatra ireo.
- Ny sehatra mikarakara ny fitahirizam-bola : eny ambanivohitra sy eny antanan-dehibe.
- Ireo sehatra mikarakara fampindramam-bola manana endrika rezionaly.
- Fikarakaràna ny taratsy fanisam-bahoaka.

Eny amin'ny sehatra mety hampisy disadisa amin'ny Fanjakana foibe sy Fanjakana Rezionaly, dia ny Fanjakana Rezionaly no homena lanja.

Eo amin'ny sehatra malalaka izay tsy voatery sahanin'ny Fanjakana foibe, dia ny Fanjakana Rezionaly no tompon'andraikitra.
Ny Faritra sy ny Kaominina dia mandray anjara amin'ny fanapahan-kevitra sy fandraisana andraikitra amin'ny sehatra nasionaly sy ny sehatra iraisam-pirenena amin'izay adidy mifanandrify azy tsirairay avy. Ny fanatanterahana izany dia ao anatin'ny fanajàna ny lalàna tanteraka.

Ny Fanjakana foibe no tompon'andraikitra eo amin'ny sehatra izay natokana manokana ho azy, nefa azony atao koa ny manome andraikitra azy ireny ho an'ny Faritra.

Eo amin'ny sehatra hafa ankoatr'izay natokana manokana ho an'ny Fanjakana foibe, dia ny Faritra no tompon'andraikitra feno.
Andraikitry ny Fokontany sy ny Kaominina ary ny Faritra no manatanteraka ireo andraikitra amin'ireo adidy izay natokana ho azy ireo.

Ny lalàna Rezionaly no manala ireo sakana mety hampisy disadisa amin'ny zon'ny lahy sy ny vavy eo amin'ny fiainana andavanandro. Ohatra amin'ny sehatra ara-toekarena sy sehatra kolotoraly sady mampirisika ny fiaraha-miasa sy fandraisana andraikitra miaraka ny lahy sy vavy amin'ny sehatra fifidianana.

Ny lalàna Rezionaly no mampifandray ny Faritra samy Faritra mba hisian'ny fahombiazana amin'ny asa izay sahanin'izy ireo. Mba ho fanatanterahana izany, dia mahafaka manangana sehatra manatanteraka izany fifanarahana izany izy ireo.

Eo amin'ny sehatra afaka andraisan'ny Faritra anjara amin'ny fampandrosoana, dia azon'izy ireo atao tsara ny mifanaraka amin'ny Firenena hafa, na amin'ny vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana eto Madagasikara, na vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana ao anatin'ny Firenena hafa . Ny fanatanterahana izany anefa, dia eo am-panajàna tanteraka ny lalàna manankery eto amin'ny tany sy Fanjakàna.

**Andininy 148.**

Firenena iray tsy mivaky i Madagasikara.

Ny Faritra dia tsy mahazo mitaky haba amin'ny Faritra hafa raha misy entana mandalo eo aminy. Tsy mahazo mametraka lalàna manakantsakana ny fivezivezena malalaka amin'ny samy Faritra. Na ny fivezivezen'olona, na ny fivezivezen'entana, na mametraka olana amin'ny fifandraisana ato amin'ny Firenena malagasy.

Ny Fanjakana foibe dia afaka mandray anjara amin'ny fanampiana ny Fokontany, na ny Kaominina, na ny Faritra raha sanatria ka tsy afaka manome vokatra manara-penitra na tsy afaka manaja ny fifanarahana iraisam-pirenena izy ireo.

Na koa rehefa tandindomin-doza ny vahoaka amin'ny tsy fahadiovana na ny tsy fisian'ny fandriam-pahalemana. Ny tanjona moa dia ny iarovana ny firaisankinam-pirenena amin'ny fanajàna ny lalàna sy ny fifanajàna amin'ny samy malagasy na dia samy manana ny toerana ipetrahany avy ny tsirairay.

Ny lalàna no mametraka ny fetra fahazoan'ny Fanjakana manampy ny vondrom-bahoakam-paritra itsinjaram-pahefana mba isian'ny fiaraha- miasa am-pirahalahiana.

Ny Fokontany, ny Kaominina ary ny Faritra dia vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana mizaka tena ary manana ny sata mifehy azy araka ny voafaritry ny Lalàmpanorenana.

### *Zana-dohateny II*

## NY FARITRA

**Andininy 149** : Momba ny sata mifehy ny Faritra

Ny Faritra dia vondrom-bahoakam-paritra manana ny maha-izy azy ara-dalàna, ary misitraka fahaleovantena eo amin'ny lafiny fitantanana sy ara-bola, ao anatin'ny fanajana ny firaisan'ny Fanjakana.

**Andininy 150 : Fitsipiky ny fizakan-tena**

Ny Faritra dia mizaka tena ara-bola sy ara-pitatanana ary malalaka ny fandraisany fanapahan-kevitra amin'ny asany.

Ny faritra dia eo ambany fiadidiana andrim-panjakana voafidy.

Manana fahefana handray fanapahan-kevitra sy hitantana ireo sehatra tafiditra ao anatin'ny andraikitra sy fahefana ananany izy ireo.

**Andininy 151 : Andrim-panjakana ao amin'ny Faritra**

Ny Faritra tsirairay dia ahitana :

- Parlemanta rezionaly;
- Governemanta rezionaly.

**Andininy 152 : Momba ny fahefan'ny Faritra**

Ny Faritra dia manana fahefana amin'ny sehatry ny fampandrosoana ara-toekarena, ara-tsosialy, ara-kolontsaina ary ara-tontolo iainana ao anatin'ny faritra iandraiketany.

Ireto andraikitra manaraka ireto no iandreketan'ny tompon'andraikitra aminny faritra :

- Fampandrosoana ara-toekarena sy fampiroboroboana ny fampiasam-bola;
- Fambolena, fiompiana, jono ary fiantohana ny fanjarian-tsakafo;
- Fanabeazana, fanofanana arak'asa ary asa fikarohana
- Fahasalamam-bahoaka sy asa sosialy;
- Fanajariana ny faritany, fotodrafitrasa isam-paritra ary fitaterana eo an-toerana (lalana isam-paritra, tsena ary seranan-tsambo faharoa);

- Kolontsaina, lova ara-kolontsaina eo amin'ny Faritra;
- Fiarovana ny tontolo iainana sy fitantanana ny harena voajanahary.

Ny Faritra tsirairay dia afaka manangana ministera dimy (5) ka hatramin'ny fito (7), mifanaraka amin'ny zava-misy sy ny filàna manokana ao aminy.

**Andininy 153** : Momba ny fahefana sisa tavela

Ny fahefana rehetra izay tsy natokana mazava ho an'ny Fanjakana foibe dia tafiditra ao anatin'ny fahefan'ny Faritra.

**Andininy 154 : Ny Governemanta rezionaly**

Ny Faritra tsirairay dia tarihin'ny Lehiben'ny fahefana mpanatanteraka isam-paritra antsoina hoe **"GOVERNORA"**.

- Ny Governora no misolo tena ny Faritra.
- Izy dia fidina amin'ny alalan'ny latsa-bato mivantana ataon'ny vahoaka ao anatin'ny faritra.
- Ny Governora voafidy no manendry sy manaisotra ireo mpikambana ao amin'ny Governemantam-paritra.
- Izy no mampiatra ny politikam-pitantanana ao anatin'ny faritra izay iadidiany.
- Izy koa no mamoaka sy mampihatra ny lalàna ary mametraka ny fitsipika isam-paritra;
- Mitantana ihany koa ireo asam-pajakana nampandraiketan'ny Fanjakana foibe ho an'ny Faritra.
- Miaraka amin'ireo sampan-draharaham-panjakana sy tsy miankina, ny Governemantam-paritra dia mitarika, mampiroborobo, mandrindra ary mampifanaraka ny fampandrosoana ara-toekarena sy ara-tsosialy manerana ny faritra iandraiketany, ary miantoka ny fandrindrana ny fampandrosoana, ary ny fanatanterahana ny asa rehetra mifandraika amin'ny fampandrosoana ao anatin'ny faritra.

**Andininy faha-155**

Izay rehetra mirotsaka ho kandidà amin'ny andraikitra Governoran'ny Faritra dia tsy maintsy manana ny zo sivily sy ara-politika, ary efa feno 40 taona (efapolo taona) amin'ny datin'ny fifidianana.

Ny fepetra hafa sy ny fomba firotsahana ho kandidà dia faritan'ny lalànan'ny Faritra.

**Andininy faha-156**

Ny Governora no tompon'andraikitra voalohany amin'ny faritra iandreketany sy ny fizakan-tenany.

Izy no lehiben'ny hery rehetra miandraikitra ny polisy, ny fitandroana ny filaminana ary ny fiarovana anatiny ao amin'ny Faritra.

- Izy no manendry ireo mpikambana ao amin'ny governemanta rezionaly eo an-toerana ary manala azy ireo amin'ny andraikiny.
- Afaka manolotra ampahany amin'ny fahefany amin'ireo mpikambana ao amin'ny governemanta rezionaly izy.
- Izy no miantoka ny fanatanterahana ny fanapahan-kevitry ny fitsarana.
- Izy dia afaka manatanteraka fifanarahana amin'ny faritra hafa ato anatiny na fifanarahana iraisam-pirenena amin'ny anaran'ny Faritra nahavoafidy azy, miaraka amin'ireo mpitarika amin'ny Faritra hafa na miaraka amin'ny Fanjakana foibe, araka ny lalàna.
- Izy no manolotra eo anatrehan'ny Parlemanta rezionaly ny politika ankapoben'ny governemanta sy ny fandaharan'asa ho an'ny Faritra.
- Ny mpikambana ao amin'ny governemanta dia mitondra ny anarana hoe « Minisitra rezionaly ».

**Andininy 157**

Ny Governora, ao anatin'ny Filankevitry ny Governemanta, dia :

- Mametraka ny fepetra ara-pitsipika hanatanterahana ireo toromarika ankapoben'ny politikam-panjakana isam-paritra.
- Mamaritra ny drafi-pampandrosoana ara-toekarena, ara-tsosialy ary ara-kolontsaina ao amin'ny Faritra, amin'ny fiaraha-miasa, raha ilaina, amin'ny manampahefana ao amin'ny Fanjakana foibe na amin'ny Faritra hafa.
- Miantso ny mpifidy amin'ny fifidianana rehetra anatiny ao amin'ny Faritra.
- Miantso ny fivoriana ara-potoana sy tsy ara-potoana ao amin'ny Parlemanta rezionaly.

Ny Governora no manao sonia ny didim-panjakana rezionaly raisina ao anatin'ny Filankevitry ny Governemanta rezionaly.

Ireo didy na asa izay tanterahina dia ankatoavin'ireo minisitra rezionaly amin'ny alalan'ny fanaovan'izy ireo Sonia miaraka amin'ny Governora alohany anatanterahana azy.

**Andininy faha-158**

-Raha heveriny fa misy loza mitatao amin'ny filaminam-bahoaka, ny Governora, ao anatin'ny Filankevitry ny Governemanta, dia mamoaka ny fanambaràna ny toe-javatra misy ao anatin'ny faritra iray manontolo na ampahany amin'ny faritany iandraiketany.

-Amin'izany tranga izany dia ampahafantariny ny Governemanta foibe, ary afaka mamoaka lalàna amin'ny alalan'ny didy hitsivolana izy.

-Ny Governora dia mamoaka ny lalàna nolanian'ny Antenimieram-paritra ao anatin'ny dimy ambin'ny folo andro manomboka amin'ny fotoana nandraisana ny lalàna nolaniana farany avy amin'ny Antenimiera.

-Afaka mangataka, alohan'ny fahataperan'io fe-potoana io, ny Governora ny hanaovana famerenana fandinihana indray ny lalàna manontolo na ny andininy sasantsasany  amin'ny Antenimieram-paritra.

-Ny Governora sy ireo minisitra ao amin'ny faritra dia afaka ametrahan'ny Antenimieram-paritra fitoriana raha mahazo ny roa ampahatelon'ny mpikambana ao aminy izany fanapahan-kevitra izany.

-Manana tombontsoa amin'ny fitsarana izy ireo ka ny  Fitsarana Avo momba ny Fitsarana (Haute Cour de Justice) ihany no afaka mitsara azy ireo araka ny fepetra voafaritra ao amin'ny andininy faha-139 sy 140 etsy ambony.

**Andininy 159 : Firafitra**

- Ny Governemanta isam-paritra dia ahitana minisiteram-paritra dimy (5) ka hatramin'ny fito (7), izay miandraikitra manokana ny politika momba ny fampandrosoana.

- Ireo minisiteram-paritra ireo dia mandrakotra indrindra ireto sehatra manaraka ireto :
  • Toe-karena sy fampandrosoana ;
  • Fambolena sy harena voajanahary ;
  • Fampianarana sy fanofanana ;
  • Fahasalamana sy raharaha sosialy ;
  • Fotodrafitrasa sy fanajariana ny tany ;
  • Kolontsaina sy fizahan-tany ;
  • Tontolo iainana sy fampandrosoana maharitra.

**Andininy 160 : Fitsipika momba ny fahombiazana**

Ny fandaminana ny Governemanta isam-paritra dia mifototra amin'ny fahatsorana, ny akaiky ny olom-pirenena ary ny fahombiazan'ny asa-panjakana.

**Andininy 161 : Fanaraha-maso**

-Ny asa sy ny fanapahan-kevitry ny Faritra dia iharan'ny fanaraha-maso ara-dalàna ataon'ny Fanjakana foibe.

-Tsy mahakasika ny  fanapahan-kevitra raisin'ny Faritra io fanaraha-maso io, ary tsy tokony hamerana ny fahaleovantenany.

**Andininy 162.**

Ny Faritra dia manana ny « SATA » na « STATUT” mifehy azy izay tsy mifanipaka amin’ny Lalàmpanorenana. Io SATA mifehy ny Faritra io no mametraka ny lamina iorenan’ny governementa sy ny fomba fiasany.

Ny “SATA”-n’ ny Faritra no mandrindra ny lalàna amin’ny fitsapàn-kevi-bahoaka sy lalàna amin’ny fitantanana raharaham-panjakana ao anatin’ny Faritra ary ny fanaparitahana ny lalàna ao anaty Faritra.

Ny “SATA”-n’ ny Faritra dia ny solombavambahoakam-paritra no mifidy sady mandàny ny lalàna ao aminy rehefa voafidin’ny maro an’isa amin’ny mpikambana.

Mila lany amin’ny fifidianana indroa mifanesy izany manelanelana roa volana fara fahakeliny. Tsy mila fankatoavan’ny mpitantana amin’ny governemantam-paritra izany.

Ny Fanjakana foibe dia mahazo mametraka fanontaniana amin’ny Fitsaràna avo momba ny Lalàmpanorenana ny maha ara-dalàna na tsia raha misy Sata fidian’ny solombavambahoakam-paritra ao anatin’ny 30 andro.

Raha ny antsasa-manilan’ny mpifidy amin’ny Faritra, na ny iray ampahadimin’ny mpikambana amin’ny solombavambahoakan’ny Faritra no mangataka, dia anontaniana ny hevi-bahoaka amin’ny Satan’ny Faritra telo volana aorian’ny famoahana azy.

Tsy azo ekena ho manan-kery ny Sata izay nanontaniana ny hevi-bahoaka raha tsy ny maro an’isan’ ny mpifidy no mankato azy.

Ny Sata no mandrindra ny fizakàn-tenan’ny vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana amin’ny Faritra.

Misy rantsamangaika ny fitsaràna ambaratonga voalohany eny amin’ny Faritra araka ny lalàna eo amin’ny Repoblika.

Azo asiana zana-pitsaràna koa any amin’ny toerana ivelan’ny renivohi-paritra.

## Zana-dohateny III

## SOLOMBAVAMBAHOAKAM-PARITRA

**Andininy 163.**

Ny solombavambahoakam-paritra no Fahefàna mpanao lalàna amin'ny Faritra.

Ireto avy ny mambra amin'ny solombavambahoakam-paritra:

- Ireo loholona ao amin'ny Faritra.
- Ireo solombavambahoaka nasionaly voafidy tao anaty faritra.
- Ireo lehibenny mpanolotsaina kaominaly.
- Ireo mpanolontsainan'ny Faritra.
- Solotenan'ny Fikambanana sivily miisa 5 (dimy) ( société civil)

Afaka manolotra lalàna ho dinihina eny amin'ny Antenimierampirenena sy eny amin'ny Antenimierandoholona koa izy ireo.

Solombavambahoakam-paritra no anarana omena azy ireo.

Ny mpanolotsainan'ny Faritra no mitantana ny birao.

Ry zareo ihany koa no mifandamina amin'ny fananganana ny birao.

**Andininy faha-164.**

– Tsy misy mpikambana ao amin'ny Parlemanta Rejionaly azo enjehina, karohina, samborina, tazonina am-ponja na tsaraina noho ny hevitra na ny vato narosony nandritra ny fanatanterahana ny asany.

– Tsy misy mpikambana azo enjehina na samborina mandritra ny fotoam-pivoriana amin'ny raharaha heloka bevava na heloka madinika raha tsy misy alalana avy amin'ny Antenimieran'ny Parlemanta Rejionaly, afa-tsy amin'ny tranga tratra ambodiomby.

– Tsy misy mpikambana azo samborina ivelan'ny fotoam-pivoriana raha tsy misy alalana avy amin'ny birao maharitry ny Parlemanta Rejionaly, afa-tsy amin'ny tranga tratra ambodiomby, na fanenjehana efa nahazo alalana, na didim-pitsarana efa raikitra.

– Izay olona manana tombontsoa dia afaka mangataka an-tsoratra amin'ny Birao Maharitra ao amin'ny Parlemanta Rejionaly mba hanenjehana mpikambana iray.

Tsy maintsy mamaly amin'ny antsipiriany ny Birao ao anatin'ny fe-potoana telo volana.

**Andininy 165.**

-Tsy azo terena na baikona amin'ny heviny ny solombavambahoakam-paritra.

-Ny solombavambahoaka iray dia manana ny zo amin'ny safidiny ao amin'ny antenimieramparitra.

- Nefa kosa raha tsy eto Madagasikara izy amin'ny fotoam-pifidianana, dia afaka manendry olona iray misolo toerana azy. Izany dia atao araka ny lalàna.

-Ny lalàna no manazava bebe kokoa ny fomba fanendrena solon-tena amin'ny fifidianana rehefa tsy eo antoerana ny solombavambahoakam-paritra iray.

**Andininy faha-166.**

– Ny faharetan'ny fivoriana tsirairay dia tsy afaka mihoatra ny DIMY AMBY FOLO andro.
– Ny fivoriana ara-potoana voalohany dia mifarana farafahatarany iray volana mialoha ny fanokafana ny fivoriana ara-potoana voalohany an'ny Parlemanta Foibe voalaza ao amin'ny andininy faha-84 amin'ity Lalàmpanorenana ity.
– Ny fivoriana faharoa, izay natokana indrindra ho an'ny lalàna mifehy ny tetibola, dia mifarana farafahatarany iray volana mialoha ny fanokafana ny fivoriana ara-potoana faharoa an'ny Parlemanta Foibe an'ny Fanjakana Foibe.
– Azo atomboka amin'ny fivoriana voalohany ny fandinihana ny lalàna mifehy ny tetibola ary tsy maintsy vitaina mandritra ny fivoriana faharoa.
– Raha tsy mbola nandray fanapahan-kevitra ny Antenimiera amin'ny faran'io fivoriana faharoa io, dia ampiharina amin'ny alalan'ny didim-panjakana avy amin'ny Governora ny fepetra ao amin'ilay volavolan-dalàna, ka azo ampidirina ao ny fanitsiana iray na maromaro nolanian'ny Antenimiera.

**Andininy 167**
-Mivory tsy ara-potoana ny Antenimieram-paritra noho ny fangatahan'ny Governora na nohon'ny fangatahan'ny antsasa-manilan'ny mpikambana ao amin'ny Antenimieram-paritra rehefa misy lahadinika ilaina maika ho dinihina.

-Rehefa tapitra ny laha-dinika izay niantsoan'ny antenimieram-paritra, dia faranana amin'ny alalan'ny didim-panjakana ny fivoriana fara fahatarany herinandro aorian'ny nanombohan'ny fivoriana.

**Andininy 168**
Mandritry ny fivoriana ara-potoana voalohany ny antenimieram-paritra no anomezan'ny Governora ny tatitra ny asa vitan'ny fahefana mpanatanteraka tao anatin'ny iray taona.

**Andininy 169.**

Ny Governora sy ireo mpikambana ao amin'ny fahefana mpanatanteraka dia azo antsoina na afaka mangataka fihaonana amin'ny solombavam-bahoakam-paritra rehefa ilaina izany.

**Andininy 170**

-Mifidy ny Filohany sy ireo mpikambana amin'ny birao maharitry ny antenimieram-paritra ny solombavam-bahoakam-paritra amin'ny fivoriana ara-potoana voalohany.

-Mahazo manolo ireo mpikambana amin'ny ampahany, na izy rehetra koa anefa izy ireo rehefa ilaina izany.

-Izy ireo ihany koa no mametraka ny fitsipika anatiny mifehy azy ireo sy ny firafitry ny birao .

**Andininy 171.**
**-**Ampahibemaso ny fivorian'ny Antenimieram-paritra.
-Tànana antsoratra izany, ary avoaka ho fantatry ny besinimaro araka ny fepetra voalazan'ny lalàna.
-Afaka mivory tsy ampahibemaso ny Antenimieram-paritra araka ny fangatahana ataon'ny mpikambana amin'ny fahefana mpanatanteraka na ny ampahatelon'izy ireo .

**Andininy faha 172.**
Ny fitsipika mikasika ny fampandehanana ny Antenimieram-paritra dia faritan'ny lalàna fehizoro ao amin'ny foto-kevitra ankapobeny sy faritan'ny fitsipika anatin'ny antenimieram-paritra.

Afaka mametraka fametraham-pitokisana amin'ny Governora ny solombavam-bahoakam-paritra raha ohatra ka ny iray ampahadiminy amin'izy ireo no mangataka izany, ary eken'ny maro an'isa izany fangatahana izany.

Telo andro aorian'ny fametrahana ny antotantaratasy ny fangatana fitokisana vao afaka mandinika izany ny antenimieram-paritra.

Ny fahalaninan'ny fitsipaha-pitokisana manala ny Governora izay voafidy tamin'ny latsa-bato mivantana ka mitarika ny fialany amin'ny toerany, na ny fahafatesany, na ny fametram-pialana antsitrapo izay hangatahiny, dia mitarika fialan'ny fahefana mpanatanteraka izay ambany fiadidiany.

**Andininy 173.**
-Rehefa mahatsapa ny fahefanam-panjakana fa misy lalàna noraisin'ny antenimieram-paritra ka  mihoatra ny andraikitra izay sahanin'izy ireo, dia afaka manantona ny Fitsarana avo momba ny lalampanorenanana izy manontany ny maha ara-dalana ilay lalàna na tsia ao anatin'ny 60 andro aorian'ny famoahana ny lalàna.

-Raha ny Faritra kosa mahatsapa fa misy lalàna navoakan'ny Fahefana mahefa na navoakan'ny Faritra hafa ka mifanipaka amin'ny zava misy ao aminy, dia afaka manatona ny Fitsarana avo momba ny lalam-panorenana koa izy manontany ny maha mety na tsia io lalàna io ao anatin'ny 60 andro aorian'ny namoahana ilay lalàna.

**Andininy 174.**
-Rehefa misy mpanolotsainan'ny kaominina maromaro misolotenan'ny iray ampahatelon'ny vahoaka mpangataka, ary raha nahazo fankatoavana tamin'ny fitsapan-kevim-bahoaka maro an'isa ilay fangatahana( referendum), dia misy lalàna avoakan'ny antenimierampirenena sy antenimierandoholona nta rehefa nahazo fankatoavan'ny antenimieram-paritra.

-Io lalàna io dia lalàna mampitambatra Faritra roa, na  fampisarahana Faritra iray ka mitarika fitsanganana Faritra vaovao, raha mihoatra ny 1.000.000 ny mponina ao aminy.

-Aorian'ny fitsapankevim-bahoaka maneho ny hevitry ny vahoaka amin'ny kaominina, dia misy lalàna avoakan'ny Fanjakana foibe rehefa naheno ny hevitry ny mpanolotsainam-paritra amin'ny kaominina, fa afaka mitambatra amin'ny kaominina iray ny Fokontany iray, na afaka misaraka amin'ny kaominina iray.

-Ny lalam-pifidiana amin'ny Faritra, momba ny fahazoan'ny olona iray hilatsaka ho fidina ho Governora na ho anisan'ny fahefana mpanatanteraka , na ho mpanolotsaina amin'ny fahefana mpanatanteraka dia faritan'ny Sata mifehy ny Faritra.

-Izany Sata izany moa dia tsy mifanipaka amin'ny lalànan'ny Repoblika, izay mametra ihany koa ny fotoam-piasan'izy ireo.

-Tsy misy olona afaka mitana toeran'ny mpanolotsaina amin'ny Faritra sady mpikambana amin'ny fahefana mpanatanteraka na koa solombavam-bahoakam-paritra. Na dia amin'ny Faritra hafa aza.

Mifidy ny Filohany ny mpanolotsainam-paritra eo anivon'ny mpikambana aminy.

-Tsy misy mpanolotsainam-paritra na dia iray aza azo enjehina, na tsaraina noho ny hevitra naposany na latsa-bato nataony teo am-panaovana ny asany

**Andininy 175.**

Ny fanovana ny faripiadidian'ny kaominina iray sy ny fananganana kaominina vaovao ao anatin'ny Faritra iray, dia azo atao eo ampanajana ny lalànan'ny Républika , rehefa nahazo fankatoavana teo amin'ny kaominina sy ny Faritra izany .

Ny Faritra koa dia afaka manorina kaominina vaovao ao aminy araka ny lalàna misy ao aminy, rehefa nahazo fankatoavana tamin'ny vahoaka izay mangataka izany.
Azony atao koa ny manova ny fari-pidiadiany sy ny anarana kaominina iray.

### *Zana-dohateny IV*

## NY KAOMININA

**Andininy 176 : ANDRIM-PANJAKANA IFOTONY EO AN-TOERANA**

Ny andrim-panjakana ifotony eo an-toerana dia:

- Ny **Kaominina**.
- Ny **Fokontany**.

**Andininy 177 : Momba ny sata mifehy ny Kaominina**

Ny Kaominina dia vondrom-bahoakam-paritra itsinjaram-pahefana fototra, mizaka tena ara-bola sy ara-pitatanana,

Ny Kaominina dia atao hoe ambonivohitra na ambanivohitra ka ny fisokajina azy ireo dia miankina amin'ny tahan'ny mponina sy ny lafimpivoarana ary ny fitaran'ny tanàna.

**Andininy faha-178 : Fitsipiky ny Fizakantena**

Ny Kaominina dia manana fizakantena  eo amin'ny fitantanana, ara-bola ary eo amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra.

Izy ireo dia mitantana ny raharahany amim-pahalalahana amin'ny alalan'ireo andrim-pitantanana voafidy.

Manana fahefana handray fanapahan-kevitra sy hitantana ireo sehatra tafiditra ao anatin'ny andraikiny izy ireo.

Mandray anjara amin'ny fampandrosoana ara-toekarena, ara-tsosialy, ara-kolontsaina ary ara-tontolo iainana ao anatin'ny fari-piadidiany ny Kaominina.

Ny andraikiny dia mifototra indrindra amin'ireo fitsipika voarakitry ny Lalàmpanorenana sy ny lalàna, ary koa amin'ny fitsipiky ny fanatonana ny vahoaka eny ifotony, ny fampiroboroboana ary ny fiarovana ny tombontsoan'ny mponina.

- Afaka mivondrona ho fikambanan-kaominina ny Kaominina mba hanatanterahana tetikasa fampandrosoana iarahana.

- Ao amin'ny Kaominina, ny andraikitra mpanatanteraka sy ny andraikitra mpanapa-kevitra dia tanterahin'ny rafitra samihafa izay samy voafidy amin'ny alalan'ny fifidianana mivantana ataon'ny vahoaka.

Ny firafitra, ny fandaminana, ny andraikitra ary ny fomba fiasan'ireo rafitra mpanatanteraka sy mpanapa-kevitra, ary koa ny fomba sy fepetra hifidianana ny mpikambana ao aminy, dia faritan'ny lalàna.

- Ny Fokonolona ao anatin'ny Fokontany ao amin'ny Kaominina, no fototry ny fampandrosoana ary koa ny firaisankina ara-tsosialy, ara-kolontsaina ary ara-tontolo iainana eo amin'ny ahoaka.

Mandray anjara amin'ny famolavolana ny fandaharan'asa fampandrosoana ao amin'ny Kaomininy koa ny fokontany.

***Zana-dohateny V***

## NY BEN'NY TANANA

**Andininy 179.**

Ny Ben'ny tanàna no lehiben'ny fahefana mpanatanteraka ao amin'ny Kaominina.

Fidina hiasa mandritra ny dimy taona azo havaozina indray mandeha, amin'ny alàlan'ny fifidianana andraisan'ny rehetra anjara mivantana izy.
-Ny olona rehetra te hilatsaka ho Ben'ny Tanàna dia tsy maintsy feno 25 (roapolo sy dimy) taona amin'ny datin'ny fifidianana.
- Ny fepetra hafa sy ny fomba firotsahana kandidà dia faritan'ny lalànan'ny Faritra.

Ny asa fanatanterahana dia sahanin'ny rantsa-mangaika tarihin'ny Ben'ny tanàna izay voafidy tamin'ny latsa-bato andraisan'ny rehetra anjara.

Izy no tompon'andraikitra voalohany amin'ny paik'ady sy ny fanatanterahana ny asa rehetra momba ny fampandrosoana ara-toekarena sy ara-tsosialy ao amin'ny Kaominina misy azy.
Manampy ny Fitondran-draharaham-panjakana ao amin'ny Kaominina misy azy izy amin'ny asa fampandrosoana izay ilàna azy.

### *Zana-dohateny VI*

*Toko 1*

## NY FOKONTANY

**Andininy 180.**
Ny Fokontany dia ao anatin'ny Vondrom-bahoakam-paritra Itsinjaram-pahefana fototra.

Ny Fokonolona, nalamina ho fokontany eo anivon'ny Kaominina, no fototry ny fampandrosoana sy ny firindrana eo amin'ny lafiny fiaraha-monina sy ny kolontsaina ary ny tontolo iainana.

Ny Fokontany dia mandray anjara amin'ny fampandrosoana ara-toekarena, ara-tsosialy, ara-kolotsaina sy momba ny tontolo iainana eo amin'ny fari-piadidiam-paritra ao aminy. Ny fari-pahefany dia faritan'ny lalàmpanorenana sy ny lalàna mahefa momba ny fanatonana ny vahoaka, ny fampivoarana ary ny fiarovana ny tombontsoan'ny mponina.
Ny Fokontany dia afaka mivondrona ho amin'ny fanatanterahana ny tetik'asa fampandrosoana iombonana.

Ao amin'ny Fokontany, ny asa fanatanterahana sy fanapahan-kevitra dia sahanin'ny rantsa-mangaika miavaka sy nofidina tamin'ny latsa-bato andraisan'ny rehetra anjara mivantana.
Ny isany, ny fandaminana, ny anjara raharaha ary ny fampandehanana ny rantsa-mangaika mpanatentaraka sy mpanapa-kevitrta ary koa ny fomba sy ny fepetra momba ny fifidianana ny mpikambana ao aminy dia ferana araka ny lalàna.

Ny tompon'andraikitra ao amin'ny fokontany dia mandray anjara amin'ny famolavolana ny fandaharanasa momba ny fampandrosoana ny Kaominina ao aminy.

**Toko 2.**

## NY FILOHAM-POKONTANY.

**Article 181.**

Ny Filoham-pokontany no lehiben'ny fahefana mpanatanteraka ao amin'ny Fokontany misy azy.

Fidina hiasa mandritra ny dimy taona azo havaozina indray mandeha, amin'ny alàlan'ny fifidianana andraisan'ny rehetra anjara mivantana izy.

Ny asa fanatanterahana dia sahanin'ny rantsa-mangaika tarihin'ny Filoham-pokontany izay voafidy tamin'ny latsa-bato mivantana andraisan'ny vahoaka ao anatin'ny Fokontany.

Mandray anjara amin'ny paik'ady sy ny fanatanterahana ny asa rehetra momba ny fampandrosoana ara-toekarena sy ara-tsosialy ao amin'ny Fokontany misy azy izy miaraka amin'ny Kaominina.

## LOHATENY VII

## NY FAHEFANA MPANAO LALANA

## NY AMIN'NY FIFANDRAISAN'NY GOVERNEMANTA SY NY ANTENIMIERAM-PARITRA.

### Andininy 182.

Ny solombavam-bahoakam-paritra no mifidy ny lalàna.

Afaka mamoaka lalàna amin'ny sehatra rehatra izy ireo afa-tsy ireo sehatra voatokana ho an'ny fanjakana foibe ihany.

1/ Ny lalàna no mametraka ny lamina momba ny fifidianana, ny fomba fiasan'ny solombavam-bahoakam-paritra sy ny vondrom-bahoakam-paritra itsinjaram-pahefana.

2/ Ny lalàna no mankasitraka ny tetik'asa fampandrosoana ny Faritra.

3/ Ny lalàna mifehy ny tetibolan'ny Faritra no mametra ny fidiram-bola sy ny famoaham-bola ao amin'ny Faritra, araka ny fahefana eo ampelatanan'izy ireo.

4/ Ny lalàna no mametra ny sata momban'ny mpiasam-panjakana, ny sivily, ny mpamono-afo, ny polisy amin'ny Faritra ary ireo sehatr'asa mikasika ny fiarovam-bahoaka ao anatin'ny Faritra sy eny amin'ny vondrom-bahoakam-paritra itsinjaram-pahefana.

5/ Ireo fifanarahana amin’ny Firenen-kafa any ivelany na fifanarahana amin’ny samy Faritra eto Madagasikara dia tsy maintsy mila fankatoavan’ny solombavam-bahoakam-paritra izay misy ny fifanarahana.

**Andininy 183.**

Ireo sehatra hafa izay tsy ao anaty lalàna dia raisina mitovy amin’ny sehatra rehetra manara-dalana.

**Andininy 184.**

Samy manana fahefana hanolotra volavolan-dalàna ny fahefana mpanatanteraka amin’ny Faritra sy ny solombavambahoakam-paritra.

Apetraka eo amin’ny biraon’ny Antenimieram-paritra ny volavolan-dalàna.

Manana fahefana manitsy ny volavolan-dalàna izay natolotry ny fahefana mpanatanteraka amin’ny Faritra ny solombavam-bahoakam-paritra.
Ireo volavolan-dalàna izay natolotra sy ireo fanitsiana nataon’ny solombavam-bahoakam-paritra dia ampahafantarina ny Governora sy ny Filoham-pirenena.

Ny fanitsiana ny volavolan-dalàna momba ny teti-bola dia tsy maintsy manaja ny fifandanjana amin’ny vola ampiasaina amin’ny Faritra.

Ny fanazavana ny antony fanitsiana entin’ny fahefana mpanatanteraka amin’ny Faritra dia tsy maintsy tonga amin’ny biraon’ny solombavambahoakam-paritra ao anatin’ny 15 andro fara fahatarany.

Aorian’izay dia mahazo miroso amin’ny fandaniana na fanitsiana ny volavolan-dalàna izay natolotra ny solombavam-bahoakam-paritra.

**Andininy 185.**

Ny Governora, rehefa avy niara-nifandinika tamin’ireo mpikambana amin’ny fahefana mpanatanteraka ireo tetik’asa rehetra izay ho tanterahina amin’ny Faritra, dia afaka manolotra ireo tetik’asa ireo ny solombavam-bahoakam-paritra.

Mangataka fankatoavana amin'ny fanatanterahana ireo tetik'asa ireo amin'ny solombavam-bahoakam-paritra ny Governora.

Manana 48 ora ny solombavam-bahoakam-paritra andinihana ireo tetik'asa natolotra ireo.

Afaka manao fitsipaham-pitokisana ny fahefana mpanatanteraka ny solombavambahoakam-paritra .

Tsy azo raisina anefa izany fitsipaham-pitokisana izany raha tsy mahazo fankatoavan'ny iray ampahatelon'ny solombavam-bahoakam-paritra.

Valo amby efapolo ora aorian'ny fametraha ny tolo-kevitra hotapahina vao azo atao ny latsa-bato.

Ny fitsipaham-pitokisana na ny fitsipahana fankatoavana dia tsy manankery raha tsy ny maro an'isa amin'ny mpikambana amin'ny solombavam-bahoakam-paritra no mandany azy.

Raha tsy nahazo fankatoavana ny fitsipaham-pitokisana, dia tsy mahazo mametraka intsony ireo nangataka izany ao anatin'ny 12 volana manaraka eo ampanatanterahana ny tetik'asa ny governemantam-paritra.

**Andininy 186.**

Rehefa nahazo fankatoavana tamin'ny solombavambahoakam-paritra ny fitsipaham-pitokisana na tsy nankatoavin'izy ireo ny tetik'asan'ny fahefana mpanatanteraka, dia manolo ny mpikambana ao amin'ny governemanta ny Governora ao anatin'ny 15 andro.

Manana telopolo andro ny governemanta vaovao amolavolany ny politika ankapobeny hitondrana ny Faritra ary aroson'ny Governora amin'ny solombavambahoakam-paritra izany rehefa tapaka teo amin'ny mpikambana amin'ny fahefana mpanatanteraka.

**Andininy 187.**

Tsy mahazo mametraka fitsipaham-pitokisana intsony ny solombavam-bahoakam-paritra ao anatin'ny 12 volana manaraka eo ampanatanterahana ny tetik'asa ny governemantam-paritra.

**Andininy 188.**

Manara-maso ny asan'ny mpitsara izay miasa amin'ny Faritra koa ny solombavam-bahoakam-paritra ary afaka mandray fepetra amin'izy ireo araka ny lalàna andininy 87 amin'ity lalàm-panorenana ity.

## LOHATENY VIII

## MOMBA NY FIFANDRAISANA EO AMIN'NY FANJAKANA FOIBE SY NY FARITRA

Toko 1

### FIARAHAMIASA SY TSY FANELANELANANA

**Andininy faha-189 :**

Ny Fanjakana sy ny Faritra dia miara-miasa ao anatin'ny toe-tsaina mifameno sy mifampitaiza.

- Tsy maintsy misy ny fiaraha-miasa eo amin'ireo ambaratongam-pitantanana samihafa.
- Misy fihaonana isan-taona eo amin'ny Fanjakana foibe sy ny Fanjakana rezionaly.

**Andininy 190 :**

Tsy mahazo miditra an-tsehatra amin'ireo fahefana sy andraikitra ananan'ny Faritra ny fanjakana foibe , raha tsy misy ny fanitsakitsahana ny lalàna.

### Toko 2

### FANARAHA-MASO NY FANAJANA NY LALÀNA

### (FAHEFANA FOIBE)

**Andininy faha-191**

Ny Fahefana Foibe dia manara-maso ny :

- Fanajana ny Lalàmpanorenana.
- Fanajana ny lalàna nasionaly.
- Fanajana ny zo sy fahalalahana fototra.
- Fanarahan-dalàna eo amin'ny fitantanam-bola sy tetibola (tsy tokony hisy fatiantoka, tsy tokony hisy kolikoly, na fanodinkodinam-bolam-panjakana).

**Fomba fandraisana andraikitra :**

- Fanafoanana ireo fanapahan-kevitra na asa tsy manara-dalàna.
- Fampiakarana raharaha eo anivon'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana.
- Fampiatoana amin'ny asany raha misy fahadisoana lehibe na hadisoana mavesatra.

**Andininy faha-192**

Ny Fahefana Foibe dia **TSY MAHAZO** miditra an-tsehatra amin'ireto sehatra manaraka ireto :

- Ny famaritana ireo laharam-pahamehana amin'ny fampandrosoana ny Faritra.
- Ny fitantanana ireo tetibola ny Faritra.
- Ny fandaminana anatin'ny ministera isam-paritra.
- Ny tetikasa ara-toekarena eo an-toerana.
- Ny politika eo an-toerana momba ny fambolena, ny fanabeazana ary ny fahasalamana.
- Ny fanapahan-kevitra momba ny fampiasam-bola ataon'ny Faritra.

-Ny Fanjakana dia tsy mitsara raha tsara na ratsy ny fanapahan-kevitra iray, fa manamarina fotsiny raha mifanaraka amin'ny lalàna izany na tsia.

-Ny Governemanta Foibe dia tsy ambony noho ny governemanta rezionaly , fa manana andraikitra amin'ny fandrindrana sy fampifanarahana ny asa amin'ny faritra.

# LOHATENY IX
# MOMBA NY RAFITRA MIFEHY NY FANANAN-TANY

## Toko 1
## NY FITSIPIKA FOTOTRA

### Andininy 193 : Momba ny fiandrianam-pirenena amin'ny tany

Ny tany dia fananan'ny Firenena Malagasy.

Ny tany dia lova iombonana, ka ny Fanjakana no miantoka ny fiarovana azy, ny fampandrosoana sy fanomezana lanja azy, ary ny fampitana azy ho an'ny taranaka fara sy dimby.

### Andininy faha-194 : Momba ny zo amin'ny tany

Ny malagasy rehetra dia manana  zo  hanana  tany amin'ny fomba ara-dalana , araka ny fepetra voafaritry ny lalàna.

Ny Fanjakana dia miantoka ny fiarovana ara-dalàna ny zon'ny Malagasy rehetra amin'ny tany.

### Andininy faha-195 : Momba ny foto-kevitry

Ny fitantanana ny tany dia tanterahina araka ny foto-kevitry ny fitsinjaram-pahefana . Izany hoe omena lanja ny ambaratongam-pitantanana akaiky indrindra ny vahoaka.

Toy izao ny fandaminana ny fitantanana azy :

Fokontany → Kaominina → Faritra → Fanjakana.

### Andininy faha-196 : Momba ny fanekena ny zo amam-panao amin'ny tany

Ny fananana tany avy amin'ny fomba amam-panao eo antoerana dia ekena sy arovana.

Ara-dalàna ireo fomba amam-panao  ireo rehefa ankatoavin'ny manampahefana mahefa eo an-toerana .

**Andininy faha-197 : Mangarahara ny raharaham-pananan-tany**

Ny asa rehetra mifandraika amin'ny tany dia tsy maintsy :

• voasoratra anaty rezisitra,

• azo arahina sy fantarina ny fizotrany,

• azon'ny besinimaro jerena araka ny fepetra voafaritry ny lalàna.

## Toko 2

## NY FAHEFAN'NY VONDROM-BAHOAKA ITSINJARAM-PAHEFANA

### Sokajy 1 : Ny Fokontany

**Andininy faha-198 : Anjara asan'ny Fokontany**

Ny Fokontany no rafitra fototra iorenan'ny fitantanana ny tany.

Izy no miandraikitra ny :

- famantarana ireo mpibodo tany sy ny tompony marina,
- mamaritra ny lalana eo antoerana mifandraika amin'ny tany,
- famaritana ny tany anjaran'ny tsirairay miaraka amin'ny fiarahamonina,
- fitanana rezisitra ny tany eo an-toerana,

- mandamina amin'ny fanelanelanana raha misy ady na fifanolanana momba ny tan yeo antoerana.

**Andininy faha-199 : Dingana voalohany**

Ny fangatahana rehetra mikasika ny tany dia tsy maintsy atomboka sy apetraka eo anivon'ny Fokontany.

## Sokajy 2

## Ny Kaominina

**Andininy 200 : Fahefan'ny Kaominina**

Ny Kaominina no manana fahefana amin'ny :

- fanamarinana sy fanekena ny fanapahan-kevitra avy amin'ny Fokontany,
- fanomezana taratasy fanamarinana momba ny tany,
- fitanana sy fitahirizana ny arisivan'ny tany,
- fitsarana sy famahana ny ady tsy voavaha eo anivon'ny Fokontany.

## Sokajy 3

## Ny Faritra

**Andininy 201 : Fahefan'ny Faritra**

Ny Faritra dia miandraikitra ny :

- fitantanana ny kadasitra isam-paritra,

• fandrindrana ny fampiasana ny tany,

• fanaraha-maso ny asan'ny Kaominina,

• famahana ny ady amin'ny alalan'ny fitsarana ara-tany eo anivon'ny Faritra.

## Toko 3.
## NY FAHEFAN'NY Fanjakana

**Andininy 202 : Fahefana nasionaly**

Ny Fanjakana no miantoka ny:

• lalàna mifehy ny tany,
• fampifandraisana ny rafitra cadastral,
• fiarovana ny taratasy fanamarinana ny fananan-tany,
• fitsipika ankapobeny mifehy ny sehatry ny fananan-tany

**Andininy faha-203 : Tany stratejika**

Eo ambany fahefan'ny Fanjakana manokana, aorian'ny faneken'ny governemanta sy ny parlemanta rezionaly ny:

• harena an-kibon'ny tany,
• ala lehibe,
• faritra misy lanja nasionaly,
• tany natokana ho an'ireo tetikasa lehibe fotodrafitrasa.

## Toko faha-4
## NY CADASTRE SY NY FANDRINDRANA NOMERIKA

**Andininy faha-204 : Cadastre nasionaly**

Misy ny cadastre nasionaly  mifandray amin'ny reetra, nomerika ary azo idiran'ny rehetra.

**Andininy faha-205 : Fifandraisan'ny rafitra**
Ny rejisitra momba ny tany ao amin'ny Fokontany, ny Kaominina ary ny Faritra dia ampifandraisina amin'ny rafitra nasionaly.

**Andininy faha-206 : Mari-pamantarana tokana ho an'ny tany**
Ny tany tsirairay dia omena mari-pamantarana tokana izay miantoka ny fanarahana sy ny fanaraha-maso azy.

## Toko faha-5
## FOMBA FIKARAKARANA NY TANY

**Andininy faha-207 : Lalan'ny fikarakarana**

Ny fomba fikarakarana ny raharaha momba ny tany rehetra dia tsy maintsy manaraka izao zotra izao :

Fokontany → Kaominina → Faritra → Fanjakana (raha ilaina).

**Andininy 208 : Herijika ara-dalàna**

Ny taratasy fanamarinana momba ny tany avoakan'ny Kaominina dia manan-kery ara-dalàna, raha toa ka voasoratra ao anatin'ny rafitra kadasitra eo anivon'ny Faritra sy ny Fanjakana.

## Toko faha-6
## MOMBA NY FAMAHANA NY ADY SY FIFANOLANANA

## MOMBA NY TANY

**Andininy 209 : Fitsipika momba ny famahana tsikelikely ny disadisa**

Ny ady sy fifanolanana momba ny tany dia vahana araka ireto ambaratonga manaraka ireto :

• Fanelanelanana eo anivon'ny Fokontany
• Fanelanelanana sy fanapahan-kevitry ny Kaominina
• Fitsarana misahana ny raharaham-pananan-tany eo anivon'ny Faritra
• Fitsarana nasionaly mahefa amin'izany

**Andininy 210 : Laharam-pahamehana ho an'ny fanelanelanana**

Ny fanelanelanana eo an-toerana no omena laharam-pahamehana alohan'ny hanombohana izay fomba fitsarana rehetra.

## Toko faha-7
## MOMBA NY ANTOKA AROVANA SY NY FIAROVANA NY ZO

**Andininy 211 : Fiarovana amin'ny fanararaotana**

Tsy misy olona azo esorina amin'ny taniny raha tsy misy :

- fomba fiasa ara-dalàna,
- fanapahan-kevitra voamarina sy misy antony mazava,
- fanonerana ara-drariny raha ilaina.

**Andininy faha-212 : Ady amin'ny kolikoly**

Ny fitantanana ny tany dia iharan'ireto fepetra manaraka ireto :

- rafitra fanaraha-maso,
- fanadihadiana sy fanamarinana tsy tapaka,
- sazy voafaritry ny lalàna.

**Andininy 213 : Fahazoana vaovao**

Ny olom-pirenena dia manan-jo hahazo ireo vaovao sy antontan-kevitra momba ny tany izay mahakasika azy.

## Toko faha-8
## MOMBA NY FEPETRA ARA-TOEKARENA SY ARA-TONTOLON'IAINANA

### Andininy 214 : Fampiroboroboana ara-toekarena

Ny fananan-tany dia fitaovana lehibe enti-mampandroso ny toekarena, indrindra eo amin'ny sehatry ny fambolena sy ny fampandrosoana ny Faritra.

### Andininy 215 : Fiarovana ny tany

Arovan'ny lalàna :

- ny tany fambolena,
- ireo faritra marefo sy manan-danja eo amin'ny tontolo iainana,
- ireo harena voajanahary.

## Toko faha-9
## FEPETRA VONJIMAIKA MOMBA NY TANY

### Andininy 216 : Fametrahana rafitra vaovao momba ny tany

Ny Fanjakana dia mandamina sy mametraka miandalana rafitra fitantanana vaovao mikasika ny tany mifanaraka amin'ny politikam-panjakana dia ny fanapariaham-pahefana.

### Andininy 217 : Fankatoavana ireo zo efa misy

Ireo zo momba ny tany efa misy sy manankery dia ekena ary ampidirina ao anatin'ny rafitra vaovao rehefa avy nohamarinina.

**Andininy 218 : Fampiharana**

Ny lalàna organika no mamaritra ny fomba sy ny fepetra fampiharana ity lohateny ity.

## LOHATENY X
## FIZARANA NY HARENA SY LOHARANON-KARENA

### Toko faha-1
### MOMBA NY FOTO-KEVITRA ANKAPOBENY

**Andininy 219 : Fitsipiky ny firaisankinam-pirenena**

Ny harena voajanahary, ny loharanom-bola avy amin'ny hetra ary ny harena stratejika dia fananan'ny Firenena.

Ny fitantanana azy ireo dia miantoka miaraka :

• ny firaisam-pirenena ;
• ny fizakan-tenan'ireo Vondrom-bahoakam-paritra Mizaka Tena ;
• ny firaisankina sy fifanampiana eo amin'ny Faritra.

**Andininy 220 : Fitsipiky ny fanapariaham-pahefana ara-bola**

Ireo Vondrom-bahoakam-paritra Mizaka Tena dia manana loharanom-bola azy manokana ary mandray anjara amin'ny fitantanana ny volam-panjakana araka ny fitsipika voafaritry ny Lalàm-panorenana ankehitriny.

### Toko faha-2
### MOMBA NY FIZARANA NY HETRA SY NY HABA

**Andininy 221** : Loharanom-bolan'ireo Vondrom-bahoakam-paritra

Ny loharanom-bolan'ny Faritra sy ny Kaominina dia ahitana :

1. Ny vokatry ny hetra sy haba voahangona ao amin'ny faritra misy azy, izay zaraina toy izao :

- 40 % ho an'ny Kaominina ;
- 40 % ho an'ny Faritra ;
- 20 % ho an'ny Tahirim-bolam-pirenena ho an'ny Firaisankina sy Fifanampiana eo amin'ny Faritra.

2. Ireo fanampiana avy any ivelany izay tsy averina sy ireo fanomezana natokana ho an'ny Vondrom-bahoakam-paritra.

3. Ny vola miditra avy amin'ny tolotra sy ny asa ataon'ireo rafitra eo an-toerana, indrindra fa :

- ny vola miditra an'ny Fokontany, izay tazonina eo amin'ny ambaratongany ary voasoratra ao amin'ny bokim-piraketana ofisialy ;
- ny vola azo avy amin'ireo fananana an'ny Fokontany.

**Andininy 222 : Loharanom-bolan'ny Fahefana Foibe**

Ny Fahefana Foibe dia manana ireto loharanom-bola manaraka ireto :

- 100 % amin'ny vola miditra avy amin'ny fadin-tseranana vokatry ny fanafarana sy fanondranana entana ;
- ireo fanampiana avy any ivelany, na averina na tsy averina ;
- ireo findramam-bola natao araka ny fepetra voafaritry ny lalàna ;
- 40 % amin'ny vola miditra avy amin'ny fitrandrahana ny akora stratejika.

**Andininy 223 : Famindrana vola mifandraika amin'ny harena stratejika**

Ny Fahefana Foibe dia mamindra amin'ireo Vondrom-bahoakam-paritra ampahany amin'ny vola miditra avy amin'ireo akora stratejika trandrahana ao amin'ny faritra misy azy ireo, araka ny fepetra voafaritra ao amin'ny Toko faha-3 etsy ambany.

## Toko faha-3
## MOMBA NY FIZARANA NY HARENA AZO AVY AMIN'NY

## AKORA STRATEJIKA

**Andininy 224.**

• Ny harena voajanahary sy ny harena stratejika ao ambanin'ny tany, eo ambonin'ny tany ary an-dranomasina dia lova tsy azo amidy na afindra fananana, sady fananan'ny Firenena mandrakizay.

• Ny fitrandrahana azy ireo dia ilana fahazoan-dàlana avy amin'ny Fanjakana Foibe, rehefa nahazo ny fankatoavan'ny Governemanta rezionaly  sy ny Parlemanta rezionaly ao amin'ny faritra misy ireo harena ireo.

• Ny Governemanta rezionaly dia mandray anjara feno amin'ny fifampiraharahana sy famolavolana ny fifanarahana momba ny fitrandrahana, indrindra mikasika ny fiantraikany amin'ny tontolo iainana, ara-tsosialy ary ara-toekarena eo an-toerana.

• Ny fitrandrahana rehetra dia tsy maintsy miantoka :

- ny fiarovana ny tontolo iainana sy ny zava-mananaina ao aminy ;
- ny fakàna hevitra sy fifampidinihana mialoha amin'ireo mponina voakasika ;
- ny mangarahara amin'ny fitantanana ny vola miditra avy amin'ny fitrandrahana.

**Andininy faha-225 : Fomba fizarana**

Ny vola miditra avy amin'ny harena stratejika dia zaraina toy izao :

- ❖ 40 % ho an'ny Fahefana Foibe ;
- ❖ 40 % ho an'ny Faritra mpamokatra, ka ny 20 % ho an'ny Faritra ary ny 20 % ho an'ny Kaominina niavian'ny akora ;
- ❖ 20 % ho an'ny Tahiry iombonana .

**Andininy 226 : Fampiasana ny anjara volan'ny Fanjakana Foibe**

Ny anjara volan'ny Fanjakana Foibe dia natokana hanatanterahany ireo andraikiny izay voalaza ao aminny andininy faha 71

**Andininy 227.**

Ny anjara vola omena ny Faritra sy ny Kaominina niavian'ny harena dia tsy maintsy atokana ho an'ireo sehatry ny fampandrosoana voatanisa ao amin'ny andininy faha-152.

**Andininy faha-228 : Tahiry iombonana nasionaly**

Ny Tahirim-bola nasionaly ho an'ny firaisankinam-pirenena dia natao mba hampihena ny tsy fitoviana eo amin'ny faritra samy faritra.

Izy dia mamatsy vola amin'ny laharam-pahamehana :

- ny fambolena ;
- ny fanabeazana ;
- ny fahasalamana ;
- ny fotodrafitrasa izay ilain'ny faritra.

Ny lalàna organika no mamaritra ny fandaminana ny fomba fitantanana ny Tahirim-bola nasionaly ho an'ny firaisankinam-pirenena.

## Toko faha-4
## MOMBA NY ANTOKA SY NY FANARAHA-MASO

### Andininy 229 : Fitantanana mangarahara

Ny loharanom-bolam-panjakana rehetra dia:

• voasoratra mazava ao anaty bokim-panjakana;
• voahara-mason'ireo andrim-panjakana mahefa ;
• ampafantarina ny vahoaka .

### Andininy 230 : Fifandanjana eo amin'ny faritra

Ny rafitra fizarana ara-bola sy ara-pitatanana dia natao :

• hisorohana ny tsy fitoviana eo amin'ny faritra ;
• hanamafisana ny firaisankinam-pirenena ;
• hiantohana ny fizarana ara-drariny ny harena eto Madagasikara.

## *LOHATENY XI*

## *FILANKEVITRY NY OLOBE*

### Andininy 231.

Azon'ny fahefana mpanatanteraka, na ny amin'ny Faritra, na ny amin'ny Fanjakana foibe anontaniana ny hevitr'ireo olobe amin'ireo tetik'asa, na lalàna ara-kolotoraly, na ara-tsosialy na ara-toekarena izay ho tanterahina.

Ny isan'ireo olobe, ny fomba fiasany, na ireo andraikiny, na fandaminana ao aminy, dia fehezin'ny lalàna fehizoro.

### Andininy 232.

Misy tahiry iombonana atsangana eo anivon'ny Faritra ahafahana manatsara ireo fitaovana sy hanampiana ireo vondrom-bahoakam-paritra itsinjaram-pahefana izay sahirana.

## LOHATENY XII

## IREO ANTOKO POLITIKA SY NY MPANOHITRA.

**Andininy 233.**

Ireo vondrona antoko politika sy ireo mpiara-dia aminy dia mandray anjara amin'ny fifidianana madio sy mangarahara ara-demokratika noho ny fangatahan'ny vahoaka .

Noho izany, dia andraikitry ny Fanjakana ny mitandro ny fisian'izy ireo sy ahafahan'izy ireo miasa malalaka mba hitandrovana ny demokrasia izay efa misy eto Madagasikara.

Mila manaja ny lalàmpanorenana ireo antoko politika ireo, sady mitandro ny fiandrianampirenena, firaisam-pirenena, ary ny zo fototry ny olompirenena.

Tsy mahazo mitonona amin'ny anaran'ny Faritra, na amin'ny anarana fiangonana na amin'ny anaran'olona, na amin'ny fikambanam-barotra na andrimpanjakana, na mitonona anarana mitovy amin'ny anaram-boninahitratry ny Firenena na amin'ny Faritra.

**Andininy 234**

Ny fanavakavahana ara-poko sy ara-pirazanana izay mety hitarika fisaraham-bazana , sy izay manohintohina ny filaminana ao anatin'ny fanjakana dia enjehin'ny lalàna tanteraka na inona na inona ny antony,

## ZO MITENY AMIN'NY HAINO AMANJERIM-PANJAKANA, ZO MAMALY FANAKIANANA, SY ZO MANOME FANAZAVANA AMIN'NY FANAKIANANA ARA-POLITIKA.

**Andininy 235.**

Ny antoko politika rehetra dia manan-jo haneho hevitra amin'ny haino amanjerim-panjakana.

Manan-jo hanome fanazavana amin'ny vahoaka raha misy zavatra tenenin'ny mpitondra Fanjakana.

Rehefa misy ny fifidianana, dia mitovy tantana daholo ny mpilatsaka ho fidina amin'ny haino aman-jerim-panjakana.

Ireo zo sy fahazoana alàlana manome fanazavana ireo anefa dia eo ambany fifehezan'ny lalàna avokoa

## *FANDRARANA*

**Andininy 236.**

Tsy azo atao ny manangana antoko politika mety hanatanteraka fanakorontanana fanjakana na hiafara amin'ny fanonganana Fanjakana ara-miaramila.

## *Fanafoanana antoko politika.*

**Andininy 237.**

Ny famoronana antoko politika  sy ny fanafoanana azy sy ireo rantsa-mangaikany dia manaraka ny lalàna mifehy ny antoko politika sy ny fanoherana.

## TOMBONTSOA.

**Andininy 238.**

Ny lalàna no mametra ny tombotsoan'ny antoko politika avy amin'ny Fanjakana ary mametraka ireo fepetra izay voalazan'ny lalàmpanorenana amin'ny Satan'ny antoko politika sy ireo mpanohitra.

**Andininy 239.**

Ny olona rehetra dia manan-jo hiditra amin'ny antoko politika, na hilatsaka ho fidina amin'ny fifidianana, tsy ijerena tavan'olona araka ny voalazan'ny lalàna sy ity lalàmpanorenana ity.

Ny fepetra ilaina amin'izany anefa dia feran'ny lalàna fehizoro.

## LALÀNAN'NY FANOHERANA.

**Andininy 240.**

Ny lalàmpanorenana no manome fahefana ny antoko mpanohitra.

Ny Repoblika dia manome sata sy adidy ho azy ireo araka ny lalàna.

## LOHATENY XIII

## NY AMIN'NY FIAROVAM-PIRENENA ANATINY

**Andininy 241**

Tsy tokony hanana tompon'andraikitra  maro ny fiarovam-pirenena anatiny, fa eo ambany fifehezan'ny ministeran'ny atitany irery ihany amin'izay ny baiko miainga avy amin'ny tompon'andraikitra iray ihany no hotanterahin'ireo mpanatanteraka ny fiarovam-pirenena.

- Sekretera Jeneralin'ny Polisy no miandraikitra ny fandaminanana eny amin'ny tanàn-dehibe.

Eo ambany fifehezan'ny minisitry ny atitany ity andrim-panjakana ity .

## NY FIAROVAM-PIRENENA.

**Andininy 242.**

Ny fiarovam-pirenena sy ny fiandrianam-pirenena dia adidy ho an'ny Malagasy rehetra. Koa ny mpitandro ny filaminana no tompon'andraikitra tanteraka amin'ny fiarovana ny Firenena araka ny didy mifandraika amin'izany.

Tsy antery ny fanompoam-pirenena ao anatin'ny tafika.

Ny fiarovam-pirenena no mandamina sy mandrindra ny zavatra rehetra ilaina amin'ny fiarovana ny Firenena rehefa tandindomin-doza ny tanindrazana .

Manana adidy ny mpitondra amin'ny fiarovana ny fahafahana sy ny filaminana ary ny fahaleovantenan'ny vahoaka Malagasy amin'ny fanajàna ny demokrasia, sy fiarovana ireo andrim-panjakana misy.

*Toko 1*

**NY FOLOALINDAHY .**

**Andininy 243.**

Ny foloalindahy dia andrim-panjakana iray izay mitsangana ary manaja ny ara-dalàna sy ny ambaratonga ary ny fitsipi-pifehezana.

Ny foloalindahy dia nahazo fiofanana manokana hiaro ny Firenena. Manaja ny ambaratonga misy eto amin'ny Firenena izy ireo araka ny lalàmpanorenana.

Natao hanompo ny Firenena izy ireo ka tsy mahazo miandany amin'ny fikambanana, na amin'antoko politika na miditra amina fikambanana, na antoko politika samihafa.

Ireo miaramila amperin'asa dia tsy tokony hiandany amin'antoko politika.

Ny rantsa-mangaika mifehy ny foloalindahy dia iray manerana ny nosy.

***Toko 2***

***ANDRAIKITRY NY FOLOALINDAHY.***

**Andininy 244.**

Natokana manokana ho an'ny foloalindahy izay nahazo fiofanana manokana ara-miaramila ny fiarovam-pirenena . Niofana manokana izy ireny hiaro ny Repoblika amin'ny loza mitatao amin'ny Firenena na fanafihana avy any ivelany .

Manana adidy manokana koa ny foloalindahy araka ny andraikitra napetraky ny lalàna manaraka ireto :

- Manatanteraka ny andraikitra ateraky ny fanambaràna fa tandindomin-doza ny Firenena.
- Manara-maso, sy miaro ny fampiasana ny habakabaka sy ny ranomasina. Ny fampiasana azy ireny amin'ny sehatra ara-toekarena, na fanaovana fikarohana na fanavotana olona rehefa misy ilana izany amin'ny faritra misy.
- Fiaraha miasa amin'ny fikambanana na olon-kafa manana tanjona hanatsara ny fiainam-bahoaka.
- Miara miasa amin'ny sehatra nasionaly ho fiarovana ny vahoaka.
- Miaro ny Andrimpanjakana voafidy ara-demokratika sy manaja ny ambaratongan'ny lalàna.
- Manatanteraka ny adidy rehetra ho tombontsoam-bahoaka.

Ny fandraisan'ny foloalindahy andraikitra dia miankina amin'ny baikon'ny manamboninahitra ambony. Baiko izay tanterahina noho ny fanapahan-kevitry ny manam-pahefana amin'ny rafi-pibaikoana izay voafaritry ny lalàna sy ny lalàmpanorenana.

### *Toko 3*

## *Filankevitra ambony momba ny Fiarovampirenena.*

**Andininy 245**.

Ny Filankevitra ambony momba ny Fiarovampirenena dia rafitra manokana iray azo angatahana torohevitra momba ny fiarovana ny Firenena sy izay rehetra mahakasika ny foloalindahy.

Ny Filankevitra ambony momba ny Fiarovampirenena no atidoha mikotrika ny ho avin'ny foloalindahy , ary manana ny rantsa-mangaika dia ny Ministeran'ny Fiarovampirenena sy ny Etamazaoron'ny foloalindahy.

Ny Filankevitra ambony momba ny Fiarovampirenena no manapaka ny tanjona izay tokony hotanterahina ao amin'ny tafika, tanjona isan-taona fohy ezaka sy tanjona lavitr'ezaka, na eo amin'ny vola tokony hampiasaina, na eo amin'ny isan'ny foloalindahy ilaina eto Madagasikara, na eo amin'ny fomba

fanofanana azy ireo mba ahafahan'ny tafika malagasy manatanteraka ara-dalàna ireo adidy amanandraikitra apetraka amin'izy ireo.

**Article 246**

Ny toerana maha Filoha faratampon'ny tafika dia tsy midika fa mahafantra tsara momba ny foloalindahy ny Filohampirenena ka mahafaka mampiakatra galona an'izay miaramila rehetra tiany ampiakarina.

Andraikitry ny Filankevitra Ambony momba ny Fiarovampirenena izany ary ilàna fepetra mazava, na eo amin'ny fitondran-tena, na eo amin'ny fanajàna ny asa.

Ny fanomezana tombotsoa sy ny fampiakarana galona ny tafika dia ny Filankevitra ambony momba ny Fiarovampirenena no manapaka izany ary atolotra ny Filohampirenena , izay izy no tompon-teny farany.

Rehefa misy fanapahan-kevitra tsy mety amin'ny Filohampirenena amin'ny fanapahan-kevitra noraisin'ny Filankevitra ambony momba ny Fiarovampirenena, dia azony lavina izany fa kosa mila manome fanazavana sy porofo mazava tsara ho an'ny Filankevitra Ambony momba ny Fiarovampirenena izy.

**Andininy 247**

Ny fanapahan-kevitra amin'ny fandraisan'anjara amin'ny ady dia ny Filohampirenena irery ihany no afaka manapakevitra amin'izany rehefa nahazo torohevitra avy amin'ny Filankevitra Ambony momba ny Fiarovampirenena.

**Article 248.**

Ny Filankevitra Ambony momba ny Fiarovampirenena dia ahitàna ireo manamboninahitra ambony ao amin'ny tafika malagasy, sy ireo manamboninahitra lefitra ambony .

Hita ao avokoa ireo solontena avy amin'ny tafika anabakabaka, tafika antanety ary tafika andranomasina.

Izay rehetra mikasika ny fiarovam-pirenena dia hita ao avokoa, an'isan'izany ny tompon'andraikitra amin'ny Zandarimariampirenena mikasika ny fiarovampirenena.

Ny Filankevitra Ambony momba ny Fiarovampirenena no mamaritra ireo fepetra ilaina momba izany.

Ireo tompon'andraikitra fantatra fa mahafeno ireo fepetra ireo dia atolotra ny Filohampirenena ary tendrena amin'ny filankevitry ny minisitra izy ireo ary amoahana didy hitsivolana.

## LOHATENY XIV

## NY FANITSIANA NY LALAMPANORENANA.

### Andininy 249.

Ny fanitsiana ny lalàmpanorenana dia andraikitry ny Filohampirenena eo amin'ny filankevitry ny ministra na andraikitry ny fahefana mpanao lalàna , fangatahana ataon'ny iray ampahatelon'ny mpikambana amin'ny antenimierampirenena.

Ny fanitsiana ny lalàmpanorenana dia tsy azo tanterahina raha tsy ny roa ampahatelon'ny mpikambana amin'ny antenimieram-paritra no mankato azy.

### Andininy 250.

Ny Filohan'ny Repoblika, rehefa avy nahazo fankatoavana tamin'ny solombavambahoakam-paritra, Praiministra , Filohan'ny fitsaràna ambony

dia afaka miroso amin'ny fanitsiana ny lalàmpanorenana.

### Andininy 251.

**-** Ny maha-Repoblika ny Fanjakana, ny maha Fanjakana Rezionaly dia tsy azo anaovana fanitsiana.

## LOHATENY XV
## FEPETRA TETEZAMITA SY SAMIHAFA

**Andininy 252.**

Ny disadisam-pifidianana eo amin'ny vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana dia anjaran'ny Fitsaràna ady amin'ny fanjakana izay eny amin'ny Faritra no mitsara azy. Raha mbola tsy misy kosa dia anjaran'ny Fitsaràna avo amin'ny ady fanjakana na  Fitsaràna Tampony no mitsara azy.

**Andininy 253.**

Ireo manam-pahefana izay nitondra teo aloha, na olomboafidy izy na olomboatendry dia miato amin'ny asany daholo raha vao tonga ny mpisolo toerana azy amin'ity lalàmpanorenana vaovao ity**.**

**Andininy 254.**

Ny fananan'ny Fanjakana teo aloha dia lasan'ny Faritra tanteraka, ary azony omena ny vondrom-bahoakam-paritra itsinjaram-pahefana rehefa mahazo fankatoavana amin'ny Antenimierandoholona.

**Andininy 255.**

Misy lalànan'ny Repoblika mandamina ny fifindràn'ireo mpiasam-panjakana ambony sy ireo mpiasam-panjakana tsotra amin'ny Faritra , na dia miasa amin'ny Fanjakana foibe aza izy ireo noho ny fampiharana ny rafitra vaovao.

Mba ahafahan'ny Faritra mampandeha ny raharaham-panjakana eo aminy, dia afaka mandray mpiasa avy amin'ny Fanjakana foibe ny Faritra, na koa mpiasa avy amin'ny vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana ao anatin'ny Faritra izay iadidiany.

**Andininy 256.**

Ireo lalàna izay tsy mifanohitra amin'ity lalàmpanorenana Fanjakana Rezionaly ity kosa dia mbola manankery ary azo ampiharina mandra-pisian'ny lalàna vaovao izay mifanaraka aminy.

**Andininy 257**

Misy tetezamita 1(iray taona) taona ahafahana manapetraka ireo andrim-panjakana rezionaly. Mandritry io fotoana io, ny fanjakana foibe dia manohy ny asany ahafahana mandeha amin'ny fitantanana rezionaly.

**Andininy 258.**

Misy vovonana nasionaly manara-maso ny fametrahana ny rafitra rezionaly ary mijery ny fiantraikany amin'ny fitantanana ny firenena.

**Andininy 259.**

Raha ohatra ka manaiky hanolotra ity lalàmpanorenana vaovao ity atao fitsapan-kevi-bahoaka ny Filohampirenena ka lany soa amantsara ny Fanjakana Rezionaly , dia teraka ny Repoblika fahadimy.

Afaka manapitra ny fitoam-piasany izy ary afaka milatsaka amin'ny fifidianana filohan'ny Repoblika vaovao.

Hatsangana ny fanjakana iaraha-mitantana mba hisian'ny fifidianana marina sy mangarahara tsy misy hosoka hidirana amin'ny Repoblika fahadimy.

Ny fananganana io fanjakana iaraha-mitantana io sy fanomanana fifidianana vaovao dia faritan'ny lalàna fehizoro.

**Andininy 260.**

Azo hampiharina ity lalàmpanorenana ity rehefa lany soa amantsara ary avoaka araka ny lalàna sy raketina ao amin'ny gazetim-panjakan'ny Repoblika Malagasy.

Aorian'izay dia lasa lalàmpanorenana « FANJAKANA REZIONALY » ny Repoblika Malagasy.